REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

# FANDAHARAM-PIBEAZANA

## KILASY FANOMANANA

**DIRECTION DES CURRICULA ET DES RECHERCHES PÉDAGOGIQUES**

TSY AZO AMIDY

**PROJET D'ARRETE**

**TENY FANOLORANA**

Imasoana hatrany ny fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana ny zaza Malagasy. Izany no atao dia mba hanatrarana ny vinam-panabeazana kendren'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena voarakitra ao amin'ny lalàna laharana faha 2022-018 mamaritra ny rafi-panabeazana ankapobeny eto Madagasikara tamin'ny 30 janoary 2023. Anisan'izany ny namolavolana ity fandaharam-pibeazana ho an'ny zaza any amin'ny kilasy fanomanana aroso ho an'ny mpanabe ity. Hanampy amin'ny fanatanterahana ireo sahanasa ny fisiany.

Mizara roa miavaka tsara ity boky ity :

- tari-dalana amin'ny fampiasana ny fandaharam-pibeazana ;
- fandaharam-pibeazana.

Nanaraka ny fepetra teknika sy siantifika ny famolavolana sy fandrafetana azy mba hahatonga ny fandaharam-pibeazana ho fanoitra amin'ny fanatsarana ny kalitaom- panabeazana ka :

- mifototra amin'ny fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hovelarina eo amin'ny zaza ny fandaharam-pibeazana ;
- omena fahalalahana ny mpanabe amin'ny fandrindrana sy fandaminana ireo votoatin'ny fandaharam-pibeazana mba hanampiany ny zaza hahafehy ireny fahaiza-manao ireny arakaraka ny zava-misy eny an-toerana ;
- nosedraina tamin'ny faritra maro teto Madagasikara nandritra ny taom-pianarana iray ny fandaharam-pibeazana vao navoaka ho raikitra ;
- nifarimbonan'ny teknisiana avy amin'ny sehatra samihafa miankina na tsia amin'ny fanjakana ny fandrafetana azy.

Fisaorana sy fankasitrahana no atolotra ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fanatontosana ity fandaharam-pibeazana ity. Mirary fahombiazana ihany koa ho an'ny mpanabe tsirairay izay hampiasa azy satria anisan'ny miantoka ny fivelaran'ny zaza izy ireo.

*"Fanabeazana tsara fototra, antoky ny hoavy miratra"*

# Fizahan-takelaka

**TARI-DALANA AMIN'NY FAMPIASANA NY FANDAHARAM-PIBEAZANA**......... 6

**FANDAHARAM-PIBEAZANA** ........................................................................... 18

FIVELARAN'NY VATANA SY NY HETSIKA ............................................................ 19

FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA................................................... 29

FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA ................................................ 42

FIVELARAN'NY MAHA IZY AZY NY ZAZA SY NY FIARAHA-MIAINA ............. 53

# TARI-DALANA AMIN'NY FAMPIASANA NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

**TENY FAMPIDIRANA**

Ity tari-dalana ity dia hanampiana ny mpanabe amin'ny fampiasana ny fandaharam-pibeazana ho an'ny zaza eny amin'ny kilasy fanomanana. Atolotra ny mpanabe izany mba hanamora ny fanatanterahana ny asa iandraiketany mandritra ny taom-pianarana.

Mizara telo miavaka tsara ity tari-dalana ity :
- firafitry ny fandaharam-pibeazana ;
- fitarihana ara-pedagojia ankapobeny ;
- fomba fampiasana ny fandaharam-pibeazana amin'ny fitsinjarana asa.

Ankoatra ny famakiana ity tari-dalana sy fandaharam-pibeazana ity, ilaina ny fanarahana fiofanana. Manampy izany ny fikarohana ataon'ny mpanabe tsirairay hahafahana mitrandraka amin'ny antsipiriany ireo seha-pivelarana sy seha-
pibeazana. Itrandrahana sy ianarana ny dingam-pivelaran'ny zaza sy ny fomba enti-manabe azy izany ireo.

Herezo hatrany àry ry mpanabe namana amin'ny asa masina iantsorohantsika.

**1- FIRAFITRY NY FANDAHARAM- PIBEAZANA**

Raha jerena indray mitopy masony fandaharam-pibeazana dia ahitana :
- seha-pivelarana 4 ;
- seha-pibeazana 15 ;
- votoatiny hanatrarana ny fahaiza-manao sy toetra amam-pihetsika tokony ho tratran'ny zaza 50 ;
- torohevitra sy tari-dalana enti-manabe.

**Seha-pivelarana**

Misy seha-pivelarana 4 ao anatin'ny Fandaharam-pibeazana. Ireo no ifantohan'ny fampivelarana ny zaza ary atao mifandanja hatrany amin'ny fandaminana ny sahanasa rehetra.

**Seha-pibeazana**

Ny seha- pibeazana 15 ao amin'ny fandaharam-pibeazana dia fizarazaran'ny seha-pivelarana.

**Votoatiny**

Ny seha-pibeazana tsirairay dia mizarazara ho votoatiny hanatrarana ireo fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika tokony ho tratran'ny zaza.

| SEHA-PIVELARANA | SEHA-PIBEAZANA | VOTOATINY |
|---|---|---|
| **FIVELARAN'NY VATANA SY NY HETSIKA** | HETSIKA LEHIBE | 1. Fanetsehana ny vatana sy ny rantsam-batana<br>2. Fifehezana tombona<br>3. Fanarahana gadona<br>4. Fikendrena<br>5. Fandrindram-pihetsika |
| | HETSIKA MADINIKA | 6. Fanetsehana rantsan-tanana<br>7. Fampiasana tanana ahazoana endri-javatra<br>8. Fampiasana ireo fitaovana fampiasa andavanandro |
| | FAMOHAZANA VAVAHADIN-TSAINA | 9. Fampiasana ny taovam- panamboloana<br>10. Fampiasana ny taovam- pitsiroana<br>11. Fampiasana ny taovam- pitsapana<br>12. Fampiasana ny taovam- pandrenesana<br>13. Fampiasana ny taovam- pahitana |

| | | |
|---|---|---|
| | FAMANTARANA NY TONTOLO | 14. Famantarana loko<br>15. Famantarana bika<br>16. Famantarana akora sy fitaovana<br>17. Famantarana zavamanan'aina<br>18. Famantarana ny tontolo manodidina<br>19. Famantarana ireo asa fivelomana |
| | FIFEHEZANA NY FOTOANA SY NY HABAKA | 20. Fifehezana ny fotoana<br>21. Fifehezana ny habaka |
| | FIOMANANA AMIN'NY ISA SY REFY | 22. Fiomanana ho amin'ny isa<br>23. Fiomanana ho amin'ny refy |
| | LOJIKA SY FAMAHANA OLANA | 24. Lojika<br>25. Famahana olana |
| **FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA** | FANAZARANA HITENY | 26. Fahazoan-dresaka<br>27. Fanehoana an-teny<br>28. Fifampiresahana |
| | SORITRA | 29. Famelana fangitra amin'ny toerana iray<br>30. Fampiasana fitaovam- panoratana<br>31. Fanoritana litera sy tarehimarika vitsivitsy<br>32. Fifehezana ny fitsipiky ny fanoratana |
| | FAMAKIANA | 33. Fizarana amin'ny famakiana<br>34. Fizarana amin'ny fitaovam- pamakiana<br>35. Fanavahana feo<br>36. Famantarana endri-tsoratra |
| | FANEHOAN-KEVITRA AMIN'NY FIHETSIKA SY AMIN'NY KANTO | 37. Fanehoan-kevitra amin'ny alalan'ny fihetsika<br>38. Fanehoa n-kevitra amin'ny alalan'ny kanto |
| **FIVELARAN'NY MAHA IZY AZY NY ZAZA SY NY FIARAHA-MIAINA** | FAHAFANTARANA NY TENA | 39. Filazana ny mombamomba ny tena<br>40. Fanomezana lanja ny tena |
| | FANEHOANA NY FIHETSEHAM-PO | 41. Fanavahana karazana fihetseham-po<br>42. Fifehezana fihetseham-po<br>43. Fahafantarana ny fihetseham-pon'ny hafa |
| | FAHAVITAN-TENA | 44. Fikarakarana vatana.<br>45. Fandaminana fitaovana<br>46. Famahana olana samirery<br>47. Fiarovan- tena amin'ny loza |
| | FIARAHA-MIAINA | 48. Fahaizana mifandray amin'olona<br>49. Fiarahana ao anaty vondrona<br>50. Fitaizana ho olompirenena sy fanajana ny kolontsaina |

**2- FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY**

Misy foto-kevi-dehibe ao anatin'ny fandaharam-pibeazana izay fomba fisainana tsy maintsy ananan'ny mpanabe. Toy izao manaraka izao ireo hevi-dehibe mifehy ny fomba entina manabe ny zaza.

Ny mpanabe dia :

- Manaraka ny lalàna mifehy ny rafi-panabeazana eto Madagasikara
- Mitandro ny fifampitokisana eo amin'ny mpanabe sy ny zaza, mba hanamora ny fandrafetan'ny zaza fahalalana
- Manaraka fiofanana mikasika ny fomba fanabeazana sy mampihatra izany mba hanomezana fanabeazana tsara kalitao ho an'ny zaza

Ny fomba fanabeazana dia :

- Manome anjara toerana manokana ny fanabeazana mifototra amin'ny lalao, hamohazana ny vavahadin-tsaina, hampivelarana ny vatana sy ny hetsika, ny fahafahana maka tahaka, mitadidy, maka sary an-tsaina, mahay mamorona, manana fomba fisainana lojika, tia ny kanto eo amin'ny zaza
- Manome lanja mitovy ny seha-pivelarana rehetra
- Mampifanaraka ny dingam-pivelaran'ny zaza, ny asa fanabeazana sy ny fomba fanabeazana
- Mampitohy ny fanabeazana ny zaza amin'ny ankohonana sy ny toeram-pibeazana
- Manomana ny fiampitana na ny fitohizana mankany amin'ny fampianarana ambaratonga voalohany
- Mampiasa ny fomba fanabeazana mijery ny zaza tsirairay (pédagogie différenciée)
- Manome anjara toerana ny fomba fanabeazana mampikaroka
- Manome lanja ny miralenta sy ny fanabeazana mampiaty

3- **FOMBA FAMPIASANA NY FANDAHARAM-PIBEAZANA AMIN'NY FITSINJARANA ASA**

Tsiahivina etoana aloha ireo fitaovam-pandrindrana ny asa fanabeazana.

| FITAOVANA | ASANY |
|---|---|
| Ny fandaharam-pibeazana | Sahanasa ho an'ny kilasy fanomanana mandritra ny taona |
| Ny fitsinjarana asa | Fitsinjarana ny fandaharam-pibeazana isan-kerinandro |
| Ny fandaharam-potoana | Maneho ny sahanasa hotanterahina ao anatin'ny herinandro ao anatin'ny ora voafaritra |
| Ny kahie soritrasa isan'andro | Mamaritra ireo sahanasa sy milaza ny zavatra hatao ny tontolo andro. Tokony voaomana ny omalin'ny andro iasana |
| Ny takelaka fanomanana sahanasa | Mampiseho ny endriky ny fizotry ny zavatra hatao ho an'ny fotoana voafaritra |
| Ny kahie soritrasa fanomanana | Fitambaran'ny kahie soritr'asa isan'andro sy ny takelaka fanomanana sahanasa. Afaka misafidy ny mpanabe na hampiasa ireo roa ireo mitokantokana na hampiasa ny kahie soritrasa fanomanana fotsiny. |

Raha hanao fitsinjarana asa, dia ny fandaharam-potoana sy ny fafana fitsinjarana ora isan-kerinandro no iaingana, satria ao no ahitana ny isan'ny seho ho an'ny sahanasa tsirairay. Indreto misy ohatra fandaharam-potoana izay azo iaingana.

Ireto fandaharam-potoana ireto dia ohatra ihany fa azo atao ny mampifanaraka azy amin'ny zava- misy eny an-toerana sy ny fandaminana anatin'ny sekoly. Ohatra : any amin'ny toerana sasany dia amin'ny maraina no metimety kokoa ny hetsika lehibe satria mafana be ny andro amin'ny hariva.

**a. <u>Ohatra fandaharam-potoana raha mianatra tontolo andro</u>**

<u>Andro ianarana</u> : alatsinainy hatramin'ny zoma.

<u>Ora ianarana</u> : maraina amin'ny 8 hatramin'ny 11, hariva amin'ny 2 hatramin'ny 4. (5 ora)

| ORA | | AALATSINAINY | TALATA | ALAROBIA | ALAKAMISY | ZOMA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **MARAINA** | | | | | | |
| **8.00-8.30** | | **FANDRAISANA** (Accueil), **FIDIOVANA** (Toilette), **ASA FANAO ISAN'ANDRO** (Rituel / Routine) | | | | |
| **830-8.50** | | FIVELARAN'NY MAHA IZY AZY SY NY FIARAHA-MIAINA / FIVELARAN'NY VATANA SY NY HETSIKA | | | | |
| | | Fiaraha-miaina | Fahavitan-tena | Hetsika lehibe | Fahafantarana ny tena | Fiaraha-miaina |
| **8.50-9.50 (1)** | **20mn** | FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA | | | | |
| | | Famantarana ny tontolo | Lojika sy famahana olana | Famantarana ny tontolo | Lojika sy famahana olana | Famantarana ny tontolo |
| | **20mn** | FIVELARAN'NY VATANA SY NY HETSIKA | | | | |
| | | Hetsika madinika | Hetsika madinika | Famohazana vavahadin-tsaina | Hetsika madinika | Hetsika madinika |
| | **20mn** | FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA | | | | |
| | | Soritra | Soritra | Soritra | Soritra | Soritra |
| **9.50-10.20** | | **FAKAN-DRIVOTRA SY FIDIOVANA** | | | | |
| **10.20-10.40** | | FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA / FISAINA AMAM-PAHALALANA | | | | |
| | | Fanehoan-kevitra @ fihetsika sy kanto | Famantarana ny tontolo | Fanehoan-kevitra @ fihetsika sy kanto | Fanehoan-kevitra @ fihetsika sy kanto | Fanehoan-kevitra @ fihetsika sy kanto |
| **10.40-11.00** | | ASA MALALAKA SY FIOMANANA AMIN'NY FODIANA | | | | |
| **HARIVA** | | | | | | |
| **14.00-14.30** | | MATORY NA ASA MANOKANA ANATY FAHANGINANA | | | | |
| **14.30-14.50** | | FIVELARAN'NY FITENENANA SY SERASERA | | | | |
| | | Fanazarana hiteny | Famakiana | Hetsika lehibe | Famakiana | Fanazarana hiteny |
| **14.50 -15.10** | | FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA | | | | |
| | | Isa sy refy | Fotoana sy habaka | Hetsika lehibe | Fotoana sy habaka | Isa sy refy |
| **15.10 -15.30** | | FIVELARAN'NY VATANA SY NY HETSIKA | | | | |
| | | Hetsika lehibe | Hetsika lehibe | Hetsika lehibe | Hetsika lehibe | Hetsika lehibe |
| **15.30-16.00** | | FIVELARAN'NY FITENENANA SY SERASERA / FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA / FIVELARAN'NY MAHA IZY AZY SY NY FIARAHA-MIAINA | | | | |
| | | Fanazarana hiteny | Isa sy refy | Hetsika lehibe | Fanehoana ny fihetseham-po | ASA MALALAKA |
| | | ASA MALALAKA SY FIOMANANA AMIN'NY FODIANA | | | | |

**(1) Eto ny sahanasa dia atao anaty vondrona. Zaraina vondrona 3 ny zaza dia ifandimbiasana ny sahanasa atao.**

**b. Ohatra fandaharam-potoana raha mianatra tapak'andro**

Andro ianarana : alatsinainy hatramin'ny zoma.

Ora ianarana : maraina amin'ny 7.30 hatramin'ny 11.30 (4 ora)

| ORA | | ALATSINAINY | TALATA | ALAROBIA | ALAKAMISY | ZOMA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **MARAINA** | | | | | | |
| **7.30-8** | | **FANDRAISANA** (Accueil), **FIDIOVANA** (Toilette), **ASA FANAO ISAN'ANDRO** (Rituel / Routine) | | | | |
| **8-8.20** | | FIVELARAN'NY MAHA IZY AZY SY NY FIARAHA-MIAINA | | | | |
| | | Fiaraha-miaina | Fahavitan-tena | Fanehoana ny fihetseham-po | Fahafantarana ny tena | Fiaraha-miaina |
| **8.20-9.20 (1)** | **20mn** | FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA | | | | |
| | | Famantarana ny tontolo | Lojika sy famahana olana | Famantarana ny tontolo | Lojika sy famahana olana | Famantarana ny tontolo |
| | **20mn** | FIVELARAN'NY VATANA SY NY HETSIKA | | | | |
| | | Hetsika madinika | Hetsika madinika | Famohazana vavahadin-tsaina | Hetsika madinika | Hetsika madinika |
| | **20mn** | FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA | | | | |
| | | Soritra | Soritra | Soritra | Soritra | Soritra |
| **9.20-9.50** | | **FAKAN-DRIVOTRA SY FIDIOVANA** | | | | |
| **9.50-10.10** | | FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA / FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA | | | | |
| | | Fanehoan-kevitra amin'ny fihetsika sy kanto | Famantarana ny tontolo | Fanehoan-kevitra amin'ny fihetsika sy kanto | Fanehoan-kevitra amin'ny fihetsika sy kanto | Fanehoan-kevitra amin'ny fihetsika sy kanto |
| **10.10 -10.30** | | FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA | | | | |
| | | Isa sy refy | Fotoana sy habaka | Isa sy refy | Fotoana sy habaka | Isa sy refy |
| **10.30 -10.50** | | FIVELARAN'NY FITENENANA SY SERASERA | | | | |
| | | Fanazarana hiteny | Famakiana | Fanazarana hiteny | Famakiana | Fanazarana hiteny |
| **10.50 -11.10** | | FIVELARAN'NY VATANA SY NY HETSIKA | | | | |
| | | Hetsika lehibe | Hetsika lehibe | Hetsika lehibe | Hetsika lehibe | Hetsika lehibe |
| **11.10-11.30** | | ASA MALALAKA SY FIOMANANA AMIN'NY FODIANA | | | | |

**(1) Eto ny sahanasa dia atao anaty vondrona. Zaraina vondrona 3 ny zaza dia ifandimbiasana ny sahanasa atao.**

d. <u>Fafana fitsinjarana ora isan-kerinandro (15 mn ny seho iray)</u>

| SEHA-PIVELARANA | SEHA-PIBEAZANA | ISAN'NY SEHO | LANJAN'ORA |
|---|---|---|---|
| **Fivelaran'ny vatana sy ny hetsika** | HETSIKA LEHIBE | 5 | 1 ora 15 mn |
| | HETSIKA MADINIKA | 4 | 1 ora 00 mn |
| | FAMOHAZANA VAVAHADIN-TSAINA | 1 | 15 mn |
| **Totaliny** | | **10** | **2 ora 30 mn** |
| **Fivelaran'ny fisaina amam-pahalalana** | FAMANTARANA NY TONTOLO | 4 | 1 ora |
| | FIOMANANA AMIN'NY ISA SY REFY | 2 | 30 mn |
| | LOJIKA SY FAMAHANA OLANA | 3 | 45 mn |
| | LOJIKA SY FAMAHANA OLANA | 2 | 30 mn |
| **Totaliny** | | **11** | **2 ora 45 mn** |
| **Fivelaran'ny fitenenana sy ny serasera** | FFANAZARANA HITENY | 3 | 45 mn |
| | SORITRA | 5 | 1 ora 15 mn |
| | FAMAKIANA | 2 | 30 mn |
| | FANEHOAN-KEVITRA AMIN'NY FIHETSIKA SY AMIN'NY KANTO | 4 | 1 ora |
| **Totaliny** | | **14** | **3 ora 30 mn** |
| **Fivelaran'ny maha izy azy ny zaza sy ny fiaraha-miaina** | FAHAFANTARANA NY TENA | 1 | 15 mn |
| | FANEHOANA NY FIHETSEHAM-PO | 1 | 15 mn |
| | FAHAVITAN-TENA | 1 | 15 mn |
| | FIARAHA-MIAINA | 2 | 30 mn |
| **Totaliny** | | **5** | **1 ora 15 mn** |
| **Totaly ankapobeny** | | **40** | **10 ora 00 mn** |

Ankoatra ireo, dia misy ampaham-potoana ihany koa atokana ho an'ny :

- **FANDRAISANA** (Accueil), **FIDIOVANA** (Toilette), **ASA FANAO ISAN'ANDRO** (Rituel/ Routine) : **2 ora 30 mn**
- Fakan-drivotra : **2 ora 30 mn**
- Fotoana fiampitana amin'ny sahanasa manaraka (transition) sy fandaminana ny fitaovana, 5mn isaky ny seho
- Fatoriana na fanaovana asa manokana anaty fahanginana (sieste) ho an'ny mpianatra mianatra tontolo andro : **2 ora**
- Fanaovana asa malalaka sy fiomanana amin'ny fodiana : **1 ora 40 mn** raha mianatra tapak'andro na **4 ora 10mn** raha mianatra tontolo andro

**Fanamarihana**

Ireto avy ireo asa fanao isan'andro (rituel/routine) :

- Fanamarinam-pahatongavana (registre d'appel)
- Fandraisana (accueil)
- Fikirakirana ny fanehoana toetry ny andro (météo) sy tetiandro (calendrier)
- Fampahatsiahivana ny fizarana andraikitra (tableau de responsabilité)
- Fanolorana ny asa hatao mandritra ny tontolo andro (activités de la journée)

Fomba fitsinjarana asa isan-kerinandro

Toy izao ny fomba fitsinjarana ny asa ao anaty fandaharam-pibeazana :

1- Fantarina mialoha ny isan'ny herinandro iasana ao anatin'ny taom-pianarana rehefa ialan'ny fialan-tsasatra sy ny andro tsy fiasana.
2- Atao mitovy amin'ny isan'ny seho ny isan'ny tsanganana ao anaty tabilao fitsinjarana ora isan-kerinandro izay hita anaty fandaharam-potoana
3- Raisina tsirairay ny sahanasa ao anaty seha-pibeazana ka tsinjaraina ao anatin'ny herinandro iasana ary alahatra mora mihasarotra ireo.
4- Miompana amin'ireto lohahevitra ireto ny votoatin'ny fandaharam-pibeazana :

Ny fitaovam-pianarana, ny fitaovam-pidiovana, ny olombelona, ny fitafiana, ny voankazo /zava-maniry, ny fitaovan-dakozia/fanaka, ny legioma, ny biby, ny fitaovam-pitaterana, sns.

Ohatra :FAFANA FITSINJARANA ASA MIKASIKA NY HETSIKA LEHIBE

Ao anatin'ny herinandro voalohany izany dia ireto sahanasa ireto no hatao mikasika ny hetsika lehibe; dimy ny isan'ny seho ho an'ny Hetsika lehibe ao anatin'ny herinandro:

- Alatsinainy: Fanetsehana ny vatana sy ny rantsam-batana
- Talata: Fikendrena
- Alarobia: Fananana tombona
- Alakamisy: Fanarahana gadona
- Zoma: Fandrindram-pihetsika

**Seha-pivelarana 1 : FITSINJARAN'ASA MANDRITRA NY TAONA MIKASIKA NY FIVELARAN'NY VATANA SY HETSIKA**
**Seha-pibeazana 1 : HETSIKA LEHIBE**

| | **Lohahevitra** | **Seho 1/** Fanetsehana ny vatana sy ny rantsam-batana **(alatsinainy)** | **Seho 2/** Fikendrena **(talata)** | **Seho 3/** Fananana tombona **(alarobia)** | **Seho 4/** Fanarahana gadona **(alakamisy)** | **Seho 5/** Fandrindram-pihetsika **(zoma)** |
|---|---|---|---|---|---|---|
| H1 | **Fandaminana ankapobeny** | | | | | |
| H2 | Ny fitaovam-pianarana | Manetsika ny tanana | Mifanolotra baolina lehibe tsy ankilatsaka amin'ny tanana roa | Mamindra tsy mirona manaraka tsipika mahitsy (soritra na tady) | Mamindra sady manisa | Mandeha sady miala sakana |
| H3 | Ny fitaovam-pianarana | Mandamina ny faritra ipetrahany ao an-dakilasy | Mifanolotra baolina kely tsy ankilatsaka amin'ny tanana ila | Mamindra tsy mirona manaraka tsipika miolakolaka | Mitehaka manaraka gadona tsotra | Mandrindra fihetsika hifanaraka amin'ny tantara henoina |
| H4 | Ny fitaovam-pidiovana | Mamindra ny sezakeliny amin'izay faritra tiany hipetrahana | Mifindrafindra ao anaty efitrefitra amin'ny tongotra roa na iray | Milalao gorisa | Mamerina izay gadona nataon'ny mpanabe amin'ny tanana | Mandrindra ny fihetsika hifanaraka amin'ny sary famantarana |
| H5 | Ny olombelona | Manetsika ny tanana miaraka amin'ny fitaovana (oh : tadikely) | Manakodia baolina amin'ny tanana mankany amin'ny namana | Mifaninana mamindra mitsingina (amin'ny lohatongotra) | Mamerina gadona mampiasa korintsana na hazokely | Mitsambikina manaraka toromarika |
| H6 | Ny olombelona | Manetsika ny tanana sy ny tongotra | Manakodia baolina amin'ny tongotra mankany amin'ny namana | Mamindra mitsingina sady mitondra zavatra | Mamerina gadona mampiasa zava-maneno | Manao lalao "Saka sy totozy" |
| H7 | **Tombana 1** | | | | | |
| H8 | Ny fitafiana | Manetsika ny loha sy ny vatana | Manao lalao "Tsipy kitelotelo" | Mamindra tsy mirona manaraka tsipika mahitsy sady mitondra zavatra | Mamindra sady manaraka gadona miadana mihamafy | Mandrindra fihetsika hifanaraka amin'ny zavatra eritreretina (oh: biby mihanika hazo) |
| H9 | Ny fitafiana | Manetsika ny vatana sy ny tanana ary ny tongotra | Manaraka tsipika rehefa milalao kapisily | Mamindra tsy mirona manaraka tsipika miolakolaka sady mitondra zavatra | Mamindra sady manaraka gadona mafy mihamiadana | Mitsambikina sady mifindrafindra amin'ny efitrefitra voasoritra eo amin'ny tany |
| H10 | Ny voankazo/ Ny zavamaniry | Miondrika sy mitraka | Milalao toraka kapoaka | Mandeha tsy mirona eo ambony sakamandimby ("poutre d'équilibre") sady mitondra zavatra | Manao famindra miaramila | Mitsambikina mihoatra zavatra miovaova haavo |
| H11 | Ny voankazo/ Ny zavamaniry | Mitingitingina | Toraka baolina na zavatra hafa mikendry zavatra ambany sy ambony | Mitety vodihazo, biriky mitandahatra mifanelanelana | Mihira sady manondro namana ao anaty faribolana | Manova fihetsika haingana hifanaraka amin'ny fifanarahan'ny tarika |
| H12 | Ny voankazo/ Ny zavamaniry | Mandady | Milalao toraka tavoahangy | Mitondra zavatra roa mifanaingina | Manao dihy mamindra tongotra roa | Mifindrafindra ao anaty toerana voafaritra |
| H13 | Ny voankazo/ Ny zavamaniry | Mamindra mandroso, mihemotra | Milalao baolina basikety | Mitondra vera feno rano | Mifanolotra zavatra sady manaraka gadona | Manao lalao dian-kanakana manaraka toromarika |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| H14 | **Tombana 2** | | | | | |
| H15 | Fitaovan-dakozia/ Fanaka | Mamindra miankavia miankavanana | Milalao kanety mikendry zavatra | Manao tongo-dovia malalaka | Manao “Zay ombànao ka ombàko” (Valalamanjohy) | Mihazakazaka sady miala sakana |
| H16 | Fitaovan-dakozia/ Fanaka | Manakodia baolina amin’ny tanana sy tongotra | Manao lalao “tsipy kidimidimy” (“passe à 5”) tsy misy misambotra | Manao tongo-dovia manaraka zotra voafaritra | Manao lamako amin’ny fomba samihafa (oh : tongotra, kapoaka) | Mihazakazaka sady mifanolotra zavatra |
| H17 | Fitaovan-dakozia/ Fanaka | Manipitsipy baolina mandeha tsiroaroa | Manao lalao “tsipykidimidimy” (“passe à 5”) misy misambotra | Manao tongo-dovia mifindra toerana | Mandihy manaraka mozika sady mitondra fitaovana | Mihazakazaka sady mamonjy toerana andosirana (but) |
| H18 | Legioma | Manipitsipy baolina anaty faribolana | Manipy pala ao anaty faritra (lehibe sy kelikely kokoa | Milalao sabaka | Manao lamako “Talatan’Ampano” | Mihazakazaka sady manipy baolina |
| H19 | Legioma | Manao fifaninana hazakazaka sady mitondra zavatra | Mikendry sy manjera zavatra maromaro mitandahatra amin’ny alalan’ny toraka | Mitondra vainga anaty sotro amin’ny tanana | Mitehaka sady manapatapaka vaninteny | Mihazakazaka sady mandaka baolina |
| H20<br>H21 | Tombana 3<br>Herinandron’ny sekoly | | | | | |
| H22 | Legioma | Manipy baolina ambony sy mitaty izany | Mandraraka rano anaty goro lehibe sy kely | Mitondra vainga anaty sotro amin’ny vava | Mamorona gadona sy mamerina izany amin’ny tehaka | Mihanika zavatra iva mihaavo |
| H23 | Legioma | Manao tanisa vainga iray amin’ny tànana roa | Mandatsaka zavatra eo ambony faritra voatondro | Mitsambikina anaty gony | Mamorona gadona sy mamerina izany amin’ny alalan’ny fitaovana | Manao «Rajako-rajako» mihanika hazo |
| H24 | Biby | Manontontontona baolina mievotra amin’ny tany, tsy mihetsika amin’ny toerany | Manjono tavoahangy | Miakatra sy midina ny tohatra | Manatsika ny tanana sady manaraka gadona | Manao dingan-tady “Allô salade” |
| H25 | Biby | Manontontontona baolina mievotra amin’ny tany | Manakodia baolina amin’ny tanana mikendry zavatra | Manao lalao “Mpinamana tsy mifankafoy” | Manao “Afindrafindrao” | Manao dihimbazaha misy manodina tady |
| H26 | Biby | Mandry mihodinkodina miankavia sy miankavanana | Manakodia baolina amin’ny tongotra mikendry zavatra | Milalao «Izaho valiha, ianao lokanga» | Milalao soamiditra | Manao dihimbazaha samirery |
| H27 | Biby | Manao “pompe” | Mandaka baolina manaraka toromarika (mankany amin’ny namana, mikendry zavatra ambany) | Manao kinarinarina na mitatao | Manao lamako amin’ny fomba samihafa (latabatra, kiririoka,...) | Manodina zavatra miendrika faribolana eo amin’ny andilany (cerceau) |
| H28 | Tombana 4 | | | | | |
| H29 | Fitaovam-pitaterana | Misintona kalesikely amin’ny tady | Manao lalao “tsipy kifolofolo” (“passe à 10”) | Mitondra vera misy rano na tavoahangy plastika eo amin’ny felatanana | Mamerina gadona mampiasa hazokely | Mihazakazaka sady mandaka baolina no mikendry zavatra |
| H30 | Fitaovam-pitaterana | Manosika baoritra | Miakatra sy midina ny tohatra mandrazona na tsia | Mitondra zavatra eo amin’ny vohontanana (tsobato, palana sabaka…) | Manao gadona amin’ny zava-maneno | Manao tsongolobatita mandroso sy miverina ambony bozaka na lafika malemy |
| H31 | Famerenana ankapobeny | | | | | |
| H32 | Tombana 5 | | | | | |

## TENY FAMPIDIRANA

Araka ny lalana laharana faha 2022-018 mamaritra ny rafi-panabeazana ankapobeny eto Madagasikara tamin'ny 30 janoary 2023 izay manamafy fa dingana tsy maintsy lalovan'ny zaza ny kilasy fanomanana. Manomboka amin'ny fahadimy taonany no hiatrehany izany. Ny fanadihadiana sy ny fikarohana no maneho fa ny fandalovan'ny zaza iray ao amin'ny kilasy fanomanana dia manamora ny fiatrehany ny fianarany sy ny fiainany ho avy ary mampihena ny tsy fahombiazana any an-tsekoly. Mifantoka indrindra amin'ny fampivelarana ny zaza amin'ny lafiny rehetra ny fanabeazana : vatana, saina, toetra amam-panahy ary ny fihetseham-po. Tsara araka izany raha mandalo ao amin'ny kilasy fanomanana ny zaza vao miditra mianatra kilasy taona voalohany.

Araka izany, ity fandaharam-pibeazana ity, dia ahitana ireto seha-pivelarana efatra ireto :

- ny fivelaran'ny vatana sy ny hetsika ;
- ny fivelaran'ny fisaina amam-pahalalana ;
- ny fivelaran'ny fitenenana sy ny serasera ;
- ny fivelaran'ny maha izy azy ny zaza sy ny fiaraha-miaina.

Mifamatotra sy mifameno ireo seha-pibeazana ireo ka samy ampiharina avokoa izy rehetra.

Ny seha-pivelarana iray dia mitsinjara ho seha-pibeazana maromaro ka ahitana ireto singa ireto :

- fahendrena voizina;
- fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina;
- votoatiny sy torohevitra sy tari-dalana enti-manabe.

Marihina fa ao amin'ny torohevitra sy tari-dalana enti-manabe no misy ireo karazana sahanasa ho an'any zaza, ny tetika amam-paika ampiasain'ny mpanabe ary ny fitaovana ho kirakiraina mifanaraka amin'izany.

Anjaran'ny mpanabe ny mampifanaraka tsara ny fanabeazany amin'ny hafainganam-piasan'ny zaza tsirairay.

Ny fitrandrahana ny sahanasa tsirairay dia manomboka amin'ny mora sy tsotra kokoa hatrany.

Marihina fa ireo sahanasa sy tetika amam-paika ary fitaovana ao amin'ny torohevitra sy tari-dalana enti-manabe ireo dia soso-kevitra ihany fa azo atao tsara ny mampifanaraka ireo arakaraka ny zava-misy any amin'ny toerana sy faritra misy azy.

## TANJON'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny tanjon'ny fandaharam-pibeazana ho an'ny kilasy fanomanana dia :

- miantoka ny fivoaran'ny zaza amin'ny maha olona feno azy : vatana sy hetsika, fisaina amam- pahalalana, fitenenana sy serasera, maha izy azy ny zaza sy ny fiaraha-miaina.
- manomana ny zaza amin'ny fianarana ambaratonga voalohany

## FAHAIZA-MANAO SY TOETRA AMAM-PIHETSIKA ANANAN'NY ZAZA NAHAVITA NY KILASY FANOMANANA

### FIVELARAN'NY VATANA SY HETSIKA

1. Mahafehy ny fihetsiky ny vatana sy ny rantsam-batana
2. Mahafehy ny tombona
3. Manaraka gadona
4. Mikendry
5. Mampirindra sy mifehy fihetsika
6. Manetsika rantsan-tanana
7. Mampiasa rantsan-tanana ahazoana endri-javatra
8. Mampiasa fitaovana fampiasa andavan'andro
9. Mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-panamboloana
10. Mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-pitsiroana
11. Mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-pitsapana
12. Mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-pandrenesana
13. Mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-pahitana

FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA

14. Manavaka loko sy mamorona loko vaovao (mampifangaro loko)
15. Manasokajy ireo bika jeometrika tsotra
16. Mahafantatra ny mombamomba ny akora sy fitaovana ary asa fivelomana
17. Mahafantatra ny mombamomba ny olombelona sy ny tontolo manodidina
18. Mahafantatra ny mombamomba ny biby
19. Mahafantatra ny mombamomba ny zava-maniry
20. Mahafantatra ny fitandahatry ny trangan-javatra miverimberina eo amin'ny fiainana andavan'andro
21. Mampitaha ny faharetan'ny trangan-javatra samihafa
22. Milaza ny faritra na ny toerana misy ny zavatra iray raha oharina amin'ny olona na zavatra iray tsy mihetsika
23. Mahafantatra ny fitodika / zotra
24. Mahafantatra ny maro sy vitsy
25. Manisa zavatra
26. Mampitaha ny isan'ny singa anaty toko roa na maromaro sady milaza ny isany
27. Mampitaha refy sy mampiasa voambolana mifanandrify amin'ny refy ambara
28. Mampifandray zavatra araka ny endriny, ny bikany, ny toetoetrany, ny asany ary ny fiasany
29. Mamaha olana

FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA

30. Mahazo resaka, mamerina teny na fehezan-teny
31. Mifandray aman'olona sy miaraka anaty vondrona
32. Mamaky sy mikirakira fitaovam-pamakiana
33. Manavaka feo sy mamantatra endri-tsoratra
34. Mamela fangitra eo amin'ny toerana iray
35. Mahafehy ny fampiasana ny fitaovam-panoratana
36. Manoritra tsipika, litera sy tarehimarika vitsivitsy
37. Maneho hevitra amin'ny alalan'ny fihetsika
38. Maneho hevitra amin'ny alalan'ny kanto
39. Maneho hevitra amin'ny alalan'ny hosodoko
40. Maneho hevitra amin'ny alalan'ny seho sehatra sy famoronana

FIVELARAN'NY MAHA IZY AZY NY ZAZA SY NY FIARAHA-MIAINA

41. Milaza ny mombamomba ny tena
42. Manome lanja ny tena
43. Manavaka fihetseham-po
44. Mahafehy fihetseham-po
45. Mahafantatra ny fihetseham-pon'ny hafa
46. Mikarakara vatana, mandamina fitaovana ary mamaha olana samirery
47. Miaro tena amin'ny loza
48. Mahalala fomba, manaja tena, manaja ny hafa sy ny fananany ary ny fananana iomboanana
49. Manaja ny fitsipika iraisana
50. Maneho fitiavan-tanindrazana sy manaja ny soatoavina

# FANDAHARAM-PIBEAZANA

# FIVELARAN'NY VATANA SY NY HETSIKA

**Fahendrena voizina :** fahaleovan-tena, fifanampiana
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahafehy ny fihetsiky ny vatana sy ny rantsam-batana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fihetsika tsy mifindra toerana<br>- Fanipazana<br>- Fanotonana<br>- Fanakodiavana zavatra<br><br>Fihetsika mifindra toerana<br>- Fibatana sy famindrana zavatra<br>- Fanisahana ny vatany<br>- Fanosehana na fisarihana vainga salantsalany | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manetsika ny tanana<br>- Mandamina ny faritra ipetrahany ao an-dakilasy<br>- Mamindra ny sezakeliny amin'izay faritra tiany hipetrahana<br>- Manetsika ny tanana miaraka amin'ny fitaovana (oh : tadikely)<br>- Manetsika ny tanana sy ny tongotra<br>- Manetsika ny loha sy ny vatana<br>- Manetsika ny vatana sy ny tanana ary ny tongotra<br>- Miondrika sy mitraka<br>- Mitingitingina Mandady<br>- Mamindra mandroso, mihemotra<br>- Mamindra miankavia, miankavanana<br>- Manakodia baolina amin'ny tanana sy tongotra<br>- Manipitsipy baolina mandeha tsiroaroa<br>- Manipitsipy baolina anaty faribolana<br>- Manao fifaninana hazakazaka sady mitondra zavatra<br>- Manipy baolina ambony sy mitaty izany<br>- Manao tanisa vainga iray amin'ny tànana roa<br>- Manontontontona baolina mievotra amin'ny tany, tsy mihetsika amin'ny toerany<br>- Manontontontona baolina mievotra amin'ny tany sady mandeha<br>- Mandry mihodinkodina miankavia sy miankavanana<br>- Manao "pompe"<br>- Misintona kalesikely amin'ny tady<br>- Manosika baoritra<br>- Miakatra sy midina ny tohatra mandrazona na tsia<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>- Baolina, baolina mievotra, vainga<br>- Sezakely<br>- Tsihy na lamaka, lafika malemy, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mifehy ny tombona

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Tombona ataon'ny vatana<br>- Fandehanana manaraka soritra mahitsy na miolakoalaka<br>- Fandehanana mitsingina amin'ny lohatongotra<br>- Fandehanana tsy mirona eo ambony vatan-kazo<br>- Fijorona amin'ny tongotra an'ila tsy mirona<br>- Figorisana tsy mirona<br>- Fifampibatana<br>- Fifampisintonana<br>- Fitsambikinana amin'ny tongotra roa tsy afa-misaraka<br>- Fampiasana hakingana mitondra zavatra tsy ankilatsaka<br><br>Tombona atao amina vainga<br>- Fampifanaingenana vainga maromaro<br>- Fanorenana zavatra | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamindra tsy mirona manaraka tsipika mahitsy (soritra na tady)<br>- Mamindra tsy mirona manaraka tsipika miolakolaka<br>- Milalao gorisa<br>- Mifaninana mamindra mitsingina (amin'ny lohatongotra)<br>- Mamindra mitsingina sady mitondra zavatra<br>- Mamindra tsy mirona manaraka tsipika mahitsy sady mitondra zavatra<br>- Mamindra tsy mirona manaraka tsipika miolakolaka sady mitondra zavatra<br>- Mandeha tsy mirona eo ambony sakamandimby ("poutre d'équilibre") sady mitondra zavatra<br>- Mitety vodihazo, biriky mitandahatra mifanelanelana.<br>- Mitondra zavatra roa mifanaingina<br>- Mitondra vera feno rano<br>- Manao tongo-dovia malalaka<br>- Manao tongo-dovia manaraka zotra voafaritra<br>- Manao tongo-dovia mifindra toerana<br>- Milalao sabaka<br>- Mitondra vainga anaty sotro amin'ny tanana<br>- Mitondra vainga anaty sotro amin'ny vava<br>- Mitsambikina anaty gony<br>- Miakatra sy midina ny tohatra<br>- Manao lalao "Mpinamana tsy mifankafoy"<br>- Milalao "Izaho valiha, ianao lokanga"<br>- Manao kinarinarina na mitatao<br>- Mitondra vera misy rano na tavoahangy plastika eo amin'ny felatanana<br>- Mitondra zavatra eo amin'ny vohontanana (tsobato, palana sabaka…)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Tady, biriky, tetezana vatan-kazo, gony na rovi-damba, gorisa, tavoahangy plastika, gobakely, daomy, kapila, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahay manaraka gadona

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Fampilatsihana ny tanana miankavia, miankavanana<br><br>- Fanaovana fihetsika manaraka gadona sy paika-mozika<br><br>- Fakana tahaka gadona natao tamin'ny tanana na tongotra na fitaovana tsotra | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamindra sady manisa<br>- Mitehaka manaraka gadona tsotra<br>- Mamerina izay gadona nataon'ny mpanabe amin'ny tanana<br>- Mamerina gadona mampiasa korintsana na hazokely<br>- Mamerina gadona mampiasa zava-maneno<br>- Mamindra sady manaraka gadona miadana mihamafy<br>- Mamindra sady manaraka gadona mafy mihamiadana<br>- Manao famindra miaramila<br>- Mihira sady manondro namana ao anaty faribolana<br>- Manao dihy mamindra tongotra roa<br>- Mifanolotra zavatra sady manaraka gadona<br>- Manao "Zay ombànao ka ombàko" (Valalamanjohy)<br>- Manao lamako amin'ny fomba samihafa (oh : tongotra, kapoaka)<br>- Mandihy manaraka mozika sady mitondra fitaovana<br>- Manao lamako "Talatan'Ampano"<br>- Mitehaka sady manapatapaka vaninteny<br>- Mamorona gadona sy mamerina izany amin'ny tehaka<br>- Mamorona gadona sy mamerina izany amin'ny alalan'ny fitaovana<br>- Manatsika ny tanana sady manaraka gadona<br>- Manao "Afindrafindrao"<br>- Milalao soamiditra<br>- Manao lamako amin'ny fomba samihafa (latabatra, kiririoka,...)<br>- Mamerina gadona mampiasa hazokely<br>- Manao gadona amin'ny zava-maneno<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Korintsana, hazokely, zava-maneno, tavoahangy, kapoaka, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahay mikendry

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fikendrena zavatra | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mifanolotra baolina lehibe tsy ankilatsaka amin'ny tanana roa<br>- Mifanolotra baolina kely tsy ankilatsaka amin'ny tanana ila<br>- Mifindrafindra ao anaty efitrefitra amin'ny tongotra roa na iray<br>- Manakodia baolina amin'ny tanana mankany amin'ny namana<br>- Manakodia baolina amin'ny tongotra mankany amin'ny namana<br>- Manao lalao "Tsipy kitelotelo"<br>- Manaraka tsipika rehefa milalao kapisily<br>- Milalao toraka kapoaka<br>- Mitoraka baolina na zavatra hafa mikendry zavatra ambany sy ambony<br>- Milalao toraka tavoahangy<br>- Milalao baolina basikety<br>- Milalao kanety mikendry zavatra<br>- Manao lalao "tsipy kidimidimy" ("passe à 5") tsy misy na misy misambotra<br>- Manipy pala ao anaty faritra (lehibe sy kelikely kokoa)<br>- Mikendry sy manjera zavatra maromaro mitandahatra amin'ny alalan'ny toraka<br>- Mandraraka rano anaty goro lehibe sy kely<br>- Mandatsaka zavatra eo ambony faritra voatondro<br>- Manjono tavoahangy<br>- Manakodia baolina amin'ny tanana mikendry zavatra<br>- Manakodia baolina amin'ny tongotra mikendry zavatra<br>- Mandaka baolina manaraka toromarika (mankany amin'ny namana, mikendry zavatra ambany)<br>- Manao lalao "tsipy kifolofolo" ("passe à 10")<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Baolina, kapoaka, kanety, kapisily, palan-tsabaka, baolina vita amin'ny voro-damba, tavoahangy, goro, anneau, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahay mampirindra sy mifehy fihetsika

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Fiakarana sy fidinana ny zanatohatra mampifandimby tsara ny tongotra roa<br><br>- Fihazakazahana<br>- Fitsambikinana mandroso sy mihemotra amin'ny tongotra roa miaraka<br><br>- Famindrana mininginingina<br>- Fihanihana<br><br>- Filalaovana tady<br><br>- Fanodinana zavatra miendrika faribolana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mandeha sady miala sakana<br>- Mandrindra fihetsika hifanaraka amin'ny tantara henoina<br>- Mandrindra ny fihetsika hifanaraka amin'ny sary famantarana<br>- Mitsambikina manaraka toromarika<br>- Manao lalao "Saka sy totozy"<br>- Mandrindra fihetsika hifanaraka amin'ny zavatra eritreretina (oh: biby mihanika hazo)<br>- Mitsambikina sady mifindrafindra amin'ny efitrefitra voasoritra eo amin'ny tany<br>- Mitsambikina mihoatra zavatra miovaova haavo<br>- Manova fihetsika haingana hifanaraka amin'ny fifanarahan'ny tarika<br>- Mifindrafindra ao anaty toerana voafaritra<br>- Manao lalao dian-kanakana manaraka toromarika<br>- Mihazakazaka sady miala sakana<br>- Mihazakazaka sady mifanolotra zavatra<br>- Mihazakazaka sady mamonjy toerana andosirana<br>- Mihazakazaka sady manipy baolina<br>- Mihazakazaka sady mandaka baolina<br>- Mihanika zavatra iva mihaavo<br>- Manao lalao mihanika hazo<br>- Manao dingan-tady "Allô salade"<br>- Manao dihimbazaha misy manodina tady<br>- Manao dihimbazaha samirery<br>- Manodina zavatra miendrika faribolana eo amin'ny tanana na vatana (cerceau)<br>- Mihazakazaka sady mandaka baolina no mikendry zavatra<br>- Manao tsongolobatita mandroso sy miverina ambony bozaka na lafika malemy<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Tohatra, sezakely, tady, sotro, lamba, rano, hazokely, "cerceau", "anneau", … |

**Fahendrena voizina :** fahaleovan-tena, fandraisana andraikitra

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahay manetsika rantsan-tanana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Fampiasana rantsan-tanana fotsiny<br><br>- Fampiasana rantsan-tanana miampy fitaovana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mihirahira manetsika rantsatanana<br>- Mamaha sy manidy kitapo<br>- Milalao sy mizatra mandray fitaovam-pianarana pensily, pensily miloko<br>- Manao lalao mampifandray rantsantanana<br>- Mamoriporitra taratasy lehibe<br>- Mamaha sy manidy tavoahangy<br>- Mandrovindrovitra taratasy Manetinety<br>- Mitsimpona voamaina<br>- Manatsofoka tady kely amin'ny "anneaux"<br>- Manorona taratasy<br>- Mamaha sy manidy bokotra<br>- Manatsofoka tady kely anaty lavaka kely (trobaka)<br>- Mamatotra tsotra<br>- Manenjana fingotra amin'ny rantsantanana<br>- Mikirakira "pince" lamba<br>- Manorona tadikely na kofehy<br>- Mamoha sy manidy karetsaka, lakile …<br>- Manety manaraka sary* (*manaraka lohahevitra)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Akanjo misy bokotra, tavoahangy misarona, visy, elo, hazo kely, "an-neau", "pince" lamba, voamaina, kofehy, tady, voamaina, hety, … |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mampiasa rantsan-tanana ahazoana endri-javatra

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Fanehoana endrika samihafa amin'ny alalan'ny rantsatanana fotsiny<br><br>- Fanaovana endrika samihafa amin'ny alalan'ny rantsatanana mampiasa fitaovana<br><br>- Fandrafetana na fanamboarana bika iray amin'ny alalan'ny fampiasana akora sy fitaovana samihafa | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamalona taratasy in-dray mandeha (in-1), taratasy efamira ahazoana telolafy<br>- Mampiasa rano sy savony ahazoana balaonina<br>- Manamboatra « cornet »<br>- Maneho endrika amin'ny alokin' ny rantsan-tanana<br>- Mandrovitra manaraka bika<br>- Mamolavola ahazoana endrika voankazo, endrika fitaovana an-dakozia, endrika legioma, endrika biby<br>- Maneho endrika amin'ny alokin' ny rantsatanana<br>- Mandrovitra manaraka bika na sary tsotra<br>- Manorona taratasy madinika (hanamboarana firavaka)<br>- Manatsofoka amin'ny tadikely ilay taratasy nahorona ahazoana firavaka.<br>- Manao vona (nœud)<br>- Mandahatra voamaina manaraka sary<br>- Mamalona taratasy toy ny angorodao (accordéon)<br>- Manao randran-droa<br>- Manao randran-telo<br>- Mandrary tapa-damba na taratasy<br>- Mandrary ravinkazo |

| | |
|---|---|
| | - Mamalona efamira ahazoana endrika valopy, endrika tsotra, endrika biby, ahazoana sambo na endrika hafa<br>- Mamalona taratasy mandalo dingana maromaro, ahazoana endrika iray sarotra kokoa<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Fakana tahaka<br><br>***Fitaovana***<br>Tady, kofehy, taratasy, vakana, bokotra, tanimanga, dity, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mampiasa ireo fitaovana fampiasa andavan'andro

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Fifankazarana amin'ireo fitaovam-pianarana<br><br>- Fifankazarana amin'ireo fitaovam-pihinanana<br><br>- Fifankazarana amin'ny fitaovam-piasana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mandranitra pensilihazo<br>- Mandity poti-pensilihazo avy noranitina<br>- Mandity boribory efa voaomana ahazoana sary voninkazo, cornet ahazoana endri-<br>- javatra, karazana bika ahazoana sary olona<br>- Mandoko amin'ny rantsan-tanana, spaonjy na vovondandihazo (coton), pensilihazo miloko<br>- Manao sary olona tsotsotra<br>- Mandity ny taratasy avy norovitina atao anaty sary fitafiana, taratasy avy nohetezana<br>- Mandity voamaina ahazoana sary<br>- Manety taratasy ahazoana lavalava sy mandity anamboarana guirlande<br>- Manao sary voninkazo, amin'ny dian-drantsatanana<br>- Mandoko sary mifanaraka amin'ny krismasy<br>- Manao asatanana krismasy<br>- Manindrotsindrona manaraka sary<br>- Mamalona boribory in-2 ahazoana endri-javatra sy mandity<br>- Mamalona taratasy ahazoana endrika trano<br>- Mamolavola tanimanga mampiasa lasitra<br>- Mandity voamaina ahazoana endri-javatra<br>- Mandoko sary fitaovan-dakozia, sary fanaka, sary legioma mampiasa lokorano, sarim-biby voaomana, sary sainam-pirenena<br>- Manao sary * (*manaraka lohahevitra)<br>- Manao asatanana momba ny herinandron'ny sekoly (masques, déguisements…)<br>- Manindrontsindrona manaraka sarim-biby<br>- Mandity mampiasa volom-biby na vovondandihazo anaty sarim-biby<br>- Manao asatanana ho an'ny fetin'ny reny, fetin'ny paska, fetin'ny ray<br>- Mandoko, mamalona sy mandity anamboarana harendrina<br>- Mandrafitra fiara amin'ny baoritra<br>- Manisy tahony ilay sainam-pirenena avy nolokoina<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Fakana tahaka<br><br>***Fitaovana***<br>Pensily, pensily miloko, penina, borosikely, lokorano, gaoma, fitsipika, fandrangitana, sotro, antsy, sotrorovitra, vera, kaopy, fihogo, borosy, hety, fingotra, …. |

**Fahendrena voizina :** fahatokisan-tena, fanajana ny hafa
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mailaka amin'ny fampiasana taovam-panamboloana (orona)

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Famantarana karazana fofona<br><br>- Fanavahana karazana fofona | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra ireo karazana fofona manitra sy maimbo<br>- Mamaritra ny toerana iavian' ny fofona iray<br>- Manonona tsy an-kijery ny anarana sakafo amin'ny alalan' ny fofona<br>- Milaza izay fofona maningana ao anaty fofona maromaro<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Sakafo, voninkazo, ravina… |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-pitsiroana (lela)

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Famantarana karazana tsiro<br><br>- Fanavahana tsiro<br><br>- Fampitahana tsiro<br><br>- Fampifangaroana tsiro | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra ireo karazana tsiro mahazatra mamy/ mangidy<br>- Mamantatra karazana tsiro masira sy matsatso<br>- Mamantatra tsiro hafa : masiaka sy marikivy<br>- Mampitaha sy mampifangaro tsiro (mandahatra karazana sakafo araka ny hamaminy, mampifangaro tsiro roa tsy mitovy dia manandrana)<br>- Mitady izay tsiro maningana amin'ireo sakafo maromaro andramana<br>- Mamantatra karazana tsiron-tsakafo amin'ny fanandramana tsy ankijery<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Fanandramana tsiro<br><br>***Fitaovana***<br>Sakafo mamy, masira, masiaka, mangidy, matsatso, marikivy |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-pitsapana (hoditra)

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Famantarana karazana toetoe-javatra<br><br>- Fitsapana hafanana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra ny zavatra maranitra, manindrona, dombo<br>- Mamantatra amin'ny alalan'ny fisafoana ny malama sy marokoroko<br>- Mamantatra ny mafana sy mangatsiaka<br>- Mamantatra amin'ny fanapolesana/fanaporetana (mafy, malemy)<br>- Mamantatra ireo karazana hafanana hafa : mahamay, mamanala, …<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Fitaovam-pianarana, hety, fantsika, spaonjy, karazan-tsakafo, sary fetsy, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-pandrenesana (sofina)

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Famantarana karazam-peo samihafa<br><br>- Fitadiavana sy fanasokajiana feo<br><br>- Famaritana ny fiavian'ny feo | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manavaka ny feon'ny mpiara-mianatra<br>- Mamantatra karazana feon-javatra isankarazany : feo midoboka, mikorintsana, mikasaoka<br>- Maka tahaka sy mamerina ny feo re<br>- Manonona ny anaran'ny biby manome ny feo<br>- Mamantatra feon'olona (feon-dehilahy, feom-bevavy, feon'ankizy…)<br>- Manondro ny toerana iavian'ny feo iray<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa tsiroaroa<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Taratasy, hety, kapoaka, korintsana, sary fetsy, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mailaka amin'ny fampiasana ny taovam-pahitana (maso)

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Fifantenana amin'ny alalan'ny fijerena<br>- Fanavahana karazan-javatra<br>- Fakana tahaka sy famerenana ny fihetsika hita<br>- Fitadiavana zavatra | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mitady zavatra roa mitovy<br>- Manao lalao «Afaka afaka aho mahita»<br>- Manao lalao diso telo na dimy<br>- Mifantina amin'ny alalan'ny fijerena<br>- Manao « Jeu de Kim » (mijery sy mitadidy zavatra miova toerana)<br>- Manao lalao manova fihetsika<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa tsiroaroa<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Fitafiana, karazan-tsakafo, sary , sary fetsy, ... |

# FIVELARAN'NY FISAINA AMAM-PAHALALANA

**Fahendrena voizina :** fahatokisan-tena, fanajana ny soa iombonana

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** manavaka loko sy mamorona loko vaovao

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fanavahana loko<br>- Loko fototra : mena, manga, mavo, maitso<br>- Loko hafa : fotsy, mainty, mavokely, vonimboasary, volomparasy, …<br>- Loko iray karazana<br>- Loko tanora sy antitra<br><br>Karazana soratra<br>- Sora-damba<br>- Volom-biby<br><br>Fampifangaroana loko | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra loko mena<br>- Manavaka loko mena<br>- Mandahatra loko mena araka ny hamatrony<br>- Mamantatra loko manga<br>- Manavaka loko manga<br>- Mandahatra loko manga araka ny hamatrony<br>- Manasokajy loko mena sy manga<br>- Mamantatra loko mavo<br>- Manavaka loko mavo<br>- Mandahatra loko mavo araka ny hamatrony<br>- Mamantatra loko maitso<br>- Manavaka loko maitso<br>- Mandahatra loko maitso araka ny hamatrony<br>- Manasokajy loko mavo sy maitso<br>- Mamantatra loko fotsy<br>- Mamantatra loko mainty<br>- Manavaka loko fotsy/mainty<br>- Mamantatra volom-biby (akoho : masira, maintihariva, vonimboahirana, marakely, volonakanga, volondavenona, maramara ; omby : manja, volavita, vanga, ...)<br>- Mamantatra sora-damba (ranoray, misoratsoratra, mipentipentina, mitsipitsipika, maramara)<br>- Mandahatra loko araka ny hamatrony<br>- Mampifangaro loko mainty sy fotsy (gris)<br>- Mampifangaro loko mavo sy manga (maitso)<br>- Mampifangaro loko mena sy fotsy (mavokely)<br>- Mampifangaro loko mena sy mavo (vonimboasary)<br>- Mampifangaro loko mena sy manga (volomparasy)<br>- Mampifangaro loko mena sy mainty (marron)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa tsiroaroa<br>- Sahanasa iraisana<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Zavatra miloko isan-karazany, sary ahitana zavatra miloko samihafa, karazana lamba misy soratra samihafa, sary ahitana karazana loko volom-biby, sary fetsy, kami shibai,... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** manasokajy ireo bika jeômetrika tsotra

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fanavahana bika jeômetrika tsotra<br>- Boribory<br>- Efamira<br>- Telolafy<br>- Mahitsizoro | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra bika miendrika boribory, efamira, telolafy, mahitsizoro<br>- Manavaka bika boribory, efamira, telolafy, mahitsizoro<br>- Mampifandray bika boribory tsotra amin'ny bika boribory manana endrika mivoitra (baolina)<br>- Mampifandray bika telolafy tsotra amin'ny bika telolafy manana endrika mivoitra<br>- Mampifandray bika efamira tsotra amin'ny bika efamira manana endrika mivoitra (kodia kely)<br>- Milaza anaran-javatra miendrika boribory, efamira, telolafy, mahitsizoro<br>- Manasokajy bika boribory sy efamira<br>- Manasokajy bika boribory sy efamira ary telolafy<br>- Mampifandray bika mahitsizoro tsotra amin'ny bika mahitsizoro manana endrika mivoitra (biriky)<br>- Mitady zavatra izay manana endrika jeometrika iray voafaritra<br>- Mandoko bika araka ny karazany avy<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa tsiroaroa<br>- Sahanasa iraisana<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Zavatra manana bika jeômetrika boribory, efamira, telolafy,mahitsizoro; kodiakely, boaty kiraro, baolina, taratasy, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahalala ny mombamomba ny akora sy fitaovana ary ny asa fivelomana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Famantarana akora sy fitaovana<br>- Toetoetran'ny akora sy fitaovana amin'ny ankapobeny<br>- Toetoetran'ny tany sy ny ilana azy<br>- Toetoetran'ny rano sy ny ilana azy | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra karazana fitaovam-pianarana<br>- Mamantatra ny fampiasana ny fitaovam-pianarana<br>- Mamantatra karazana sy ny fampiasana ny fitaovam-pidiovana<br>- Mamantatra karazana asa fivelomana (mpampianatra, dokotera, mpitandro filaminana, mpamily, mpamboly/ mpiompy, mpandrafitra)<br>- Mamantatra ny toerana hanatanterahana ny asa fivelomana<br>- Mikarakara zava-maniry: mamboly, manondraka, manala ahi-dratsy, manisy zezika |

| | |
|---|---|
| - Toetoetran'ny rivotra sy ny ilana azy<br>- Toetoetran'ny afo sy ny ilana azy<br><br>Famatarana asa fivelomana<br>- Ireo karazana asa fivelomana<br>- Ny toerana anaovana azy<br>- Ny fitaovana ampiasaina amin'izany | - Miaro zava-maniry : tsy manimba voninkazo, tsy mandoro tanety<br>- Mamantatra ny toetoetry ny rano<br>- Manao fanandramana zavatra mety levona anaty rano na tsia, zavatra milentika sy mitsingevana<br>- Mamantatra ny toetoetry ny rivotra<br>- Manao fanandramana mahakasika ny rivotra<br>- Mamantatra karazana fitafiana sy ny vanimpotoana hanaovana azy<br>- Manavaka ny fitafiana fanao ambony sy ambany, tohitena<br>- Mamantatra fitafiana anatiny sy ivelany, lafy tsara sy lafy ratsy<br>- Mamantatra ny fitaovana ampiasaina amin'ny asa sy ny fomba fampiasana azy (mpampianatra, dokotera, mpitandro filaminana, mpamily, mpamboly/ mpiompy, mpandrafitra)<br>- Mamantatra karazana fitaovan-dakozia sy ny fampiasana azy<br>- Milaza ny toetoetra sy ny ilana ny afo<br>- Mamantatra karazana fanaka sy ny akora nanaovana azy<br>- Mamantatra ny toetoetry ny tany<br>- Manao fanandramana samihafa mahakasika ny tany<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa tsiroaroa<br>- Sahanasa iraisana<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Voamaina, sarona tavoahangy plastika, voankazo, solitany, "eau de Javel", afokasoka anaty boaty, vera tavoahangy, vovoka, fasika, fotaka, tanimanga, vato, vy, rano, lakana vita amin'ny taratasy, ravinkazo, kapsily, labozia, sary fetsy ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mamantatra ny olombelona sy ny tontolo manodidina

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Famantarana ny olombelona<br>- Firafiny ao anatin'ny vatana<br>- Ny maha lahy na maha vavy<br>- Dingam-pivoarany<br>- Fomba fitomboan'ny taranany<br>- Fonenany<br>- Sekoly | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra ny faritra eo amin'ny vatana (loha, vatana, rantsam-batana)<br>- Mamantatra ny taova ao anatin'ny vatan'olombelona (fo, ra, taolana, tsinay, aty, vavony)<br>- Manavaka ny lahy sy ny vavy : fitafiany, fomba famaniana<br>- Mamantatra ny fivoaran'ny olombelona (zaza, ankizy, tanora, olon-dehibe, antitra)<br>- Mamantatra ny fitombon'ny taranany (bevohoka, miteraka)<br>- Mamantatra ireo karazana trano fonenana (trano biriky, trano hazo, trano falafa…)<br>- Mamantatra ireo toerana isan-karazany (lakozia, trano fatoriana, tokotany,…), ireo fanaka ary ireo fitaovana hita ao amin'ny trano fonenana<br>- Mamantatra ny sekoly sy ny manodidina azy (lakilasy, toeram-pivoahana, tokontany filalaovana, fanariana fako, …)<br>- Mamantatra ireo sokajin'olona hita ao amin'ny sekoly : tale, mpanabe, mpianatra, tomponandraikitra isan-karazany<br>- Mamantatra ireo fanaka sy fitaovana hita ao an-dakilasy<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Hirahira<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Fikirakirana |

| | |
|---|---|
| | ***Fitaovana***<br>Boky, sary na "maquette" firafitry ny tenan'olombelona, sary trano fone-nana, sarin'olona zaza, tanora, antitra, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mamantatra ny biby

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Famantarana ny biby<br>- Anarany<br>- Karazany<br>- Firafiny<br>- Fonenany<br>- Fifindrany toerana<br>- Sakafony<br>- Fomba fitomboan'ny taranany | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra karazam-biby sy ny feony<br>- Manavaka biby fiompy, bibidia, bibikely<br>- Mandinika ny firafitry ny biby (trafo, tandroka, rambo, kira, volo, vombony, kitro, sanga, fantsy)<br>- Mamantatra ny biby sy ny fonenany (fisoko, akany, fahitra, vala…)<br>- Mamantatra ny sakafony<br>- Mamantatra ny isan'ny tongotry ny biby (tsy misy tongotra, tongo-droa, tongotr'efatra)<br>- Mandinika ny fomba fifindrany toerana (mandeha, mikisaka, mitsambikina, milomano, manidina)<br>- Mamantatra ny fitombon'ny taranaky ny biby : manatody, miteraka<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Hirahira Resadresaka<br>- Fijerena sary<br>- Fijerena horonan-tsary<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa iraisana<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Horonam-peo mirakitra feom-biby, sarim-biby sy ny sakafony, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mamantatra ny zavamaniry

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Famantarana ireo zavamaniry<br>- Karazana sy anarana<br>- Firafiny<br>- Karazan-javamaniry azo hanina na tsia<br>- Fomba fikarakarana sakafo<br>- Fomba faniriny<br>- Fomba fikarakarana<br>- Fomba fiotazana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra karazana zavamaniry (bozaka, voninkazo, voankazo, legioma,<br>- haninkotrana) sy ny firafiny (taho, faka, ravina, felana, voa)<br>- Mamantatra karazana voankazo<br>- Manavaka ny voankazo fihinan-kodiny sy voasana<br>- Manavaka ny voankazo misy voany (madinika sy vaventy), tsy misy voany<br>- Mikarakara sakafo vita avy amin'ny voankazo (salade de fruits, confiture, jus)<br>- Mikirakira karazana fitaovan-dakozia ao amin'ny «cantine», na entin'ny mpanabe<br>- Mamantatra ny fomba fanodinana zavamaniry ho fanaka (hazo, rofia, bozaka, …)<br>- Mamantatra karazana legioma<br>- Manavaka ny legioma mandravina, mamoa, mamody<br>- Mamantatra ny karazana legioma azo hanina manta na mila andrahoina<br>- Mikarakara sakafo vita amin'ny legioma (mitango, mamaofy, mikira, mahandro, manamaina)<br>- Mamantatra fomba fanirin'ny zavamaniry (ambonin'ny tany, anaty rano, maniry, mamoa, mamelana, mamody)<br>- Mikarakara zava-maniry: mamboly, manondraka, manala ahi-dratsy, manisyzezika<br>- Mioty legioma na voankazo : mitango, mihady…<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fikirakirana<br>- Fandinihana zavamaniry eny an-jaridaina na eny an-tanimboly |

| | |
|---|---|
| | - Hirahira<br>- Resadresaka<br>- Fijerena sary<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa iraisana<br>- Fikirakirana<br><br>***Fitaovana***<br>Legioma, voankazo, anana, bozaka, voninkazo, hanin-kotrana, sary, kapoaka, zezika, angady, antsy, ... |

**FIFEHEZANA NY FOTOANA SY NY HABAKA**

**Fahendrena voizina :** fahatokisan-tena sy faharetana
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahafantatra ny fitandahatry ny fitrangan-javatra miverimberina eo amin'ny fiainana andavanandro

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fifehezana ny fotoana<br>- Fitandahatry ny fotoana : ny andro iray, ny andro anatin'ny herinandro, ny volana ao anatin'ny taona<br>- Famantaranora<br>- Tetiandro "calendrier" : andro, herinandro, volana, taona | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra ny andro sy alina<br>- Mitanisa ny fitandahatry ny andro: maraina, antoandro, hariva, alina<br>- Mampiasa ny famantaranora baoritra sady mitanisa ny zavatra atao sy ny ora mifanandrify amin'izany<br>- Manodina ny fanjaitran'ny famantaranora<br>- Mampiasa sy mandinika fandaharam-potoana<br>- Mitanisa ny andro ao anatin'ny herinandro<br>- Mampiasa voambolana milaza fotoana : omaly, anio, rahampitso, afak' omaly, afak' ampitso<br>- Mankalaza datin'andro lehibe<br>- Mikirakira ny andro amin'ny tetiandro namboarina (calendrier)<br>- Mitanisa ny volana ao anatin'ny taona<br>- Mampiasa voambolana : amin'ny, tamin'ny<br>- Mampiasa voambolana milaza fotoana anaty tantara<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fikirakirana<br>- Hirahira, tsianjery<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Horonam-peo (hira, tsianjery), tetiandro, famantaranora tena izy, famantaranora baoritra, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mampitaha ny faharetan'ny trangan- javatra samihafa.

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fifehezana ny fotoana<br>- Faharetan'ny fotoana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manao lalao miandry tantana (oh: karatra, daomy)<br>- Mampiasa «sablier» handrefesana fotoana<br>- Mandrefy ny fotoana lany amin'ny halavirana mitovy saingy mampiasa fitaovana samihafa<br>- Mampitaha ny fotoana lany raha mandeha : lavitra, ela, akaiky, vetivety<br>- Mampitaha ny fotoana lany raha mamatra zavatra mitovy habe (famarana) |

| | |
|---|---|
| | - Mampitaha ny fotoana lany raha mamatra zavatra mitovy habe (famarana)<br>- Mampitaha ny fotoana lany raha manao asa : haingana, maharitra<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fikirakirana<br>- Hirahira, tsianjery<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>- Fitaovam-pamarana tsy mitovy habe na samihafa : kôpy sy zinga, tavoahangy 0,5 litatra sy 1 litatra<br>- Seau, clepsydre[1] na sablier[2] , ...<br><br><br>Clepsydre<br><br><br>Sablier |


**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** milaza ny faritra na toerana misy ny olona na zavatra iray raha miohatra amin'ny olona na zavatra iray tsy mihetsika

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fifehezana ny habaka<br>- Teny mamaritra habaka | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamantatra ny aloha sy aoriana<br>- Mamantatra ambony sy ambany<br>- Mamantatra ny anatiny sy ivelany, ny alavitra sy ny akaiky<br>- Mamantatra ny anjorony, an-tsisiny, afovoany<br>- Mamantatra ny havia sy havanana<br>- Milaza ny zavatra hita: anatiny, ivelany, lavitra, akaiky, anjorony, havia, havanana (ao, io, eo, etsy, ery, atsy, )<br>- Mifindrafindra toerana araka ny toromarika<br>- Mamindrafindra toeran-javatra araka ny toromarika<br>- Mitadidy toeran-javatra<br>- Mamantatra ny toerana fiposahan'ny masoandro sy ny filentehany<br>- Mamantatra ny andrefana sy ny atsinanana<br>- Mamantatra ny avaratra sy ny atsimo<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fikirakirana<br>- Hirahira, tsianjery<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Karazana kilalao, sary, ... |

*1 Fandrefesana fotoana amin'ny fanakorianana rano*

*2 Fandrefesana fotoana amin'ny fanakorianana fasika*

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mamantatra fitodika/zotra « Direction ».

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fifehezana ny habaka<br><br>- Teny na voambolana mamaritra fitodika/zotra | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mampiasa "flèche" manondro ny fizotran'ny zava-mananaina iray mihetsika (direction), manaraka lalana<br>- Manaraka lalana voasoritra eo amin'ny sary<br>- Mifindrafindra toerana : miankavia sy miankavanana ; miakatra sy midina ; mandroso sy mihemotra<br>- Mamindrafindra zavatra araka ny modely na toromarika na takela-panondroana<br>- Manao lalao ianarana ny fizotra sy fitodika (jeux de direction et d'orientation)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fikirakirana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Sary maneho ny toeran'ny zavatra iray anaty kiefitrefitra, "labyrinthe", "flèche", sary fetsy, ...<br><br>"Labyrinthe"<br> |



**Fahendrena voizina :** fahatokisan-tena
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahafantatra ny maro sy vitsy.

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fiomanana amin'ny isa<br><br>- Isa tombamaso | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mahalala ny misy sy ny tsy misy (isa 0)<br>- Manisy zavatra na voan-javatra na singan-javatra anaty toko roa samihafa ka ny iray atao maro ny iray atao vitsy<br>- Mampitaha hamaroan'ny voamaina samihafa mitovy fatra. (Oh: katsaka iray sotro lehibe sy kabaro iray sotro lehibe)<br>- Mandahatra ireo toko araka ny hamaroan'ny singa ao aminy : vitsy mihamaro na maro mihavitsy<br>- Manisa tombamaso 1 hatramin'ny 10<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fikirakirana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Voamaina, sotro, kapoaka, voan-javatra, vatokely, hazokely, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina:** manisa zavatra

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fiomanana amin'ny isa<br>- Ny isa 1 hatramin'ny 10 | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manao tanisa an-kira 1 hatramin'ny 10<br>- Mitanisa 1 hatramin'ny 10<br>- Manisa zavatra 1 hatramin'ny 10 sady mampiseho tarehimarika mifanaraka amin'izany<br>- Mamantatra ny isa eo aloha sy aorian'ny 1 hatramin'ny 9<br>- Mamahavaha isa 1 hatramin'ny 10 (tsy mampiasa signe ohatra +,-)<br>- Mamahavaha ny isa 1 hatramin'ny 10<br>- Mamantatra ny isa banga ao anatin'ny laharana isa 1 hatramin'ny 10<br>- Manisa mijotso sy misonga<br>- Mampitaha toko roa samihafa misy zavatra maromaro ao anatiny<br>- Manokotoko tsiroaroa na tsitelotelo<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Tanisa an-kira, tsianjery<br>- Fikirakirana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Tabilaon'isa, tanjozotranisa (bande numérique), tarehimarika, voamaina, vato kely, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** Mampitaha ny isan'ny singa anaty toko roa na maromaro sady milaza ny isany

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| Fiomanana amin'ny isa<br>- Ny isa 1 hatramin'ny 10 | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mampitaha sy manisa ny isan'ny ao anaty toko roa na maro<br>- Manao toko misy singa 1 hatramin'ny 10<br>- Mandahatra mirafitra ny singa 1 hatramin'ny 10 « en constellatio<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fikirakirana<br>- Sahanasa miendrika lalao<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>« Batonnet », daomy, voamaina, sotro, kapoaka, vatokely, hazokely, ...<br> |


**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina:** mandrefy, mampitaha refy sy mampiasa ny voambolana mifanandrify amin'ny refy ambara



| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fiomanana amin'ny refy**<br>- Habe<br>- Lanja<br>- Halavana<br>- Velarana<br>- Halalina<br>- Haavo<br>- Halavirana<br>- Hatevenana<br>- Hafainganam-pandeha | ***Tetika amam-paika***<br>- Mampitaha fiatiana ka mameno sy manafoana<br>- Mampitaha fiatiana (feno, foana, tapany, mitovy)<br>- Mamatra zavatra amin'ny kapoaka na tavoahangy<br>- Mampitaha halavana amin'ny tombamaso : lava na fohy<br>- Mandahatra zavatra araka ny halavany, habeny, hatevenany<br>- Mampiasa voam-bolana lava noho ny, fohy noho ny, lava indrindra, fohy indrindra, mitovy<br>- Mampitaha habe : lehibe, kely, mitovy<br>- Mampiasa voam-bolana : iva sy avo, mitovy, marivo sy lalina<br>- Mampitaha haben-javatra maromaro: lehibe noho ny, kely noho ny, mitovy<br>- Mampitaha velarana : tery/ety na malalaka<br>- Mampitaha hatevenana: fisaka, matevina na mitovy hatevenana<br>- Mijery sy mampitaha lanja (maivana, mavesatra, mitovy)<br>- Mikirakira fitaovam-pandanjana<br>- Mampitaha halavirana (voambolana akaiky, lavitra, mitovy)<br>- Mampiasa fitaovam-pandrefesana entina mampiasa voambolana akaiky, lavitra,<br>- mitovy (ohatra: dingana, zehy)<br>- Mampitaha hafainganam-pandeha : haingana na miadana<br>- Mampitaha hatavezana : mahia sy matavy<br>- Mikirakira fitaovam-pandrefesana samihafa (oh : metatra, fitsipika …)<br>- Mikirakira fitaovam-pamarana samihafa : sotro, kaopy, zinga, tavoahangy…<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Andrana<br>- Fikirakirana |

| | |
|---|---|
| | - Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Fitaovana fandanjana, sary (olona, fiara, moto…),lamba manana velarana samihafa, boky sy kahie, fitaovana fandrefesana, fitaovana famarana, ... |

## LOJIKA SY FAMAHANA OLANA

**Fahendrena voizina :** fahatokisan-tena
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mampifandray zavatra araka ny endriny, ny bikany, ny toetoetrany, ny asany, ny fiasany


| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Lojika**<br>- Fampifandraisana<br>- Fitadidiana<br>- Maningana<br>- Fipetraka<br>- Fandaharana<br>- Fanasokajiana<br>- Fandaharana manaraka gadona<br>- Piozila<br>- Fandikana mitovy<br>- Daomy<br>- Fafana mididroa<br>- Fizotra<br>- Famahana olana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mitady sary na zavatra mitovy (Jeu de paire)<br>- Manao rafidrafitra (lego, tangram, tapakazo)<br>- Mandahatra (classement)<br>- Mampiady sary mikasika ny fitaovam-pianarana (oh: Lôtô na daomy)<br>- Manao lalao fitadidiana 3 na 5 (jeu de mémorisation)<br>- Manao lalao fipetraka (jeu de position)<br>- Mampifandray zavatra (correspondance)<br>- Mitady ny singa maningana (intrus)<br>- Manasokajy zavatra ka toetra iray no jerena (classification)<br>- Manasokajy anaty fafana mididroa (tableau à double entrée)<br>- Mandrafitra piozila tsotra misy singa hatramin'ny 6 (puzzle)<br>- Manao fandaharana tohivakana amin'ny alalan'ny akora samihafa (algorithme)<br>- Manao dika mozaika (copie mosaïque)<br>- Manao lalao manaraka fizotra/fitodika (jeu de direction)<br>- Manao fanandramanana mandinidinika isan-karazany:<br>- Milalao andriamby sy mandinika izay zavatra mitranga eo<br>- Mampitaha zavatra miletika sy mitsingevana<br>- Mijery ny vokatry ny rivotra mitsoka (taratasy manidina, jiro maty, baolina mibontsina...)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Andrana<br>- Fikirakirana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Sary, daomy, dika mozaika, sary fetsy...<br> |

| | |
|---|---|
| | ***Fitaovana***<br>Sary, daomy, dika mozaika, sary fetsy...<br><br>Ohatra fampifandraisana:<br><br><br>Ohatra tohivakana (algorithme):<br> |


**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mamaha olana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Famahana olana**<br>- Fanaovana rafidrafitra<br>- Famerenana amin'ny laoniny<br>- Famahana lazaolana madinika amin'ny alalan'ny lalao<br>- Famahana olana madinika eo amin'ny fiainana andavanandro | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manao lalao rafitrafitra isan-karazany (jeu de construction) amin'ny baoritra, tapakazo, lego, « kapla », batonnets, 'pince' lamba, sns<br>- Manao lalao famoronana amin'ny fitaovana misy sy efa nomaninna (ohatra ; manamboatra trano kely, fiara, tanàna, sns)<br>- Manao lalao piozila (puzzle) misy singa vitsy mihabetsaka arakaraka ny fahaiza-manaon'ny zaza<br>- Mamerina amin'ny laoniny ny fitaovana tsotra noravana (ohatra : fitoerana sakafo plasitika misy singa maromaro)<br>- Manao lalao famenoana ny sary banga<br>- Mamaha lazaolana madinika amin'ny fikirakirana fitaovana (ohatra ; misy mofo 5 eo ambony latabatra hozarain'I dada amin'ny zanany roa. Inona no atao ?<br>- Mamaha olana tena misy eo amin'ny fiainana andavanandro (ohatra ; Lasa ao ambony arimoara ilay baolina, ahoana no fomba akana azy ao ?<br><br>***Tetika amam-paika :***<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br>- Fampiharana<br>- Famoronana<br><br>***Fitaovana :***<br>- Tapatapa-kazo tsy misy somisika, baoritra, boaty, kilalao rafidrafitra (jeux de construction), lego, piozila (puzzle), kapla. tangram<br>- Lalao rafidrafitra (jeu de construction), fitaovana ahafahana mamorona (lamba, tapa-damba, lakaoly, loko, tavoahangy plasitika, sns) |


<table>
<tr>
<td></td>
<td>
Ohatra rafidrafitra (« lego », «Kapla», « tangram ») :<br>
« Lego »




« Kapla »




« Tangram »





</td>
</tr>
</table>

# FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA

**Fahendrena voizina :** fanajana ny tena sy ny hafa
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahazo resaka ary mamerina teny na fehezanteny

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fahazoan-dresaka**<br>- Famerenana teny na fehezanteny<br>- Famaliana fanontaniana<br>- Fitantarana<br>- Fanarahana toromarika | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Milaza ny anaran'ny sary<br>- Manatanteraka baiko sy fiangaviana hanao asa<br>- Mamaly fanontaniana<br>- Mamerina ny fehezan-teny tsotra ao anaty tantara<br>- Mamerina mitantara angano na tantara na horonam-peo avy nohenoina<br>- Milaza ny anaran'ny mpandray anjara ao amin'ny tantara<br>- Milazalaza ny zava-nitranga ao anaty tantara iray<br>- Manao hirahira mitaky fanovana fihetsika (oh: hoy Rakoto tangosy ny<br>- paoma, sasao ny voankazo, voaso ny akondro,…)<br>- Mihaino sy mamerina ny fehezan-teny somary lava ao anaty tantara<br>- Manatanteraka irakiraka madinika (oh: raofy ny fako, ario eny amin'ny fitoerany, sasao ny tananao)<br>- Mihaino teny amin'ny teny sy fiteny samihafa ary mamerina izay henony.<br>- Mamerina ny fehezanteny tsotra henony na nolazaina taminy amin'ny teny sy fiteny samihafa.<br>- Manonona/mamerina /tsianjery /hira amin'ny fitenim-paritra sy fiteny samihafa<br>- Mamantatra sy mianatra fomba fiteny amin'ny fiainana andavanandro amin'ny teny sy fiteny samihafa : miarahaba, misaotra, manao azafady, mifampirary soa, sns<br>- Mamantatra ny isa amin'ny teny sy fiteny samihafa.<br>- Mianatra anaran-javatra amin'ny teny sy fiteny samihafa (fitaovam-pianarana, olona ao amin'ny ankohonana sy fianakaviana, fanaka, voankazo, biby,…)<br>- Mijery sy mihaino olona miteny amin'ny teny na fiteny hafa<br>- Mijery na mihaino hira/tantara /sarimihetsika (film documentaire), sarimiaina (dessin animé) amin'ny onjam-peo, amin'ny fahitalavitra, na mihaino olona miresaka amin'ny telefaonina amin'ny teny sy fiteny hafa<br><br>***Tetika amam-paika***<br>Fanehoana sary<br>- Fitantarana<br>- Fanaovana telefaona arabo (mifampita hafatra amin'ny olona maromaro amin'ny alalan'ny bitsibitsika)<br>- Fanehoana ohatra alain-tahaka (manaraka tsara ny fanononana an'ilay teny na fiteny (phonétique)<br>- Fampiasana ny haino aman-jery<br>- Fampifaneraserana ny zaza amin'ny olona miteny teny sy fiteny hafa noho ny azy<br><br>***Fitaovana***<br>- Boky, gazety, afisy, « album », …<br>- Saribakoly ahetsika<br>- Fafana famakiana Sary<br>- Horonantsary<br>- Horonam-peo |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** Miresaka aman'olona sy mifampiresaka ao anaty vondrona

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanehoana an-teny**<br><br>- Fifampiresahana (olondroa na maro na anaty vondrona)<br>- Fametrahana sy famaliana fanontaniana<br>- Fitantarana | ***Tetika amam-paika***<br><br>- Mamerina amin'ny fomba fiteniny izay reny (oh: telefaonina arabo)<br>- Mamerina tantara na angano na zava-nisy amin'ny fomba fiteniny<br>- Mitantara zavatra manao telofaonina telefaonina<br>- Mitantara tantara, na angano misy sary na tsia<br>- Mitantara zava-misy niainana<br>- Manohy tantara na angano<br>- Miresadresaka anaty tarika na eny amin'ny zoro<br>- Mampiasa voambolana vaovao<br>- Mampiteny sary na afisy<br>- Mamorona teny na fehezanteny miady rima<br>- Mamorona hira na tsianjery na tantara miaraka amin'ny mpanabe<br>- Manao seho sehatra ahitana lantom-peo mifanaraka amin'ny fihetseham-po<br>- Maka tahaka fihetsika na feo rehefa milalao tantara vato<br>- Mitatitra resaka<br>- Milaza zava-baovao na vaovao amin'ny namana<br>- Milazalaza ny asa hatao rehefa lehibe<br>- Mametraka sy mamaly fanontaniana<br>- Mampiasa teny vaovao ao anaty fehezanteny tsotra, am-bava<br>- Manao lalao ahafahana mitanisa anaran-javatra, biby amin'ny fiteny sy teny samy hafa<br><br>***Tetika amam-paika***<br><br>- Resadresaka<br>- Seho sehatra<br><br>***Fitaovana***<br><br>Baolina, sary na afisy, boky, vato, saribakoly, saribakoly ahetsika, kami shibai, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** Fifampiresahana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fifampiresahana** | ***Sahanasa***<br><br>- Mamaly fanontaniana<br>- Mampiasa fihetsika fotsiny<br>- Mamaly eny na tsia<br>- Mampiasa teny 1 na 2 ( ery, etsy, omaly, efa lasa...)<br>- Mamaly fanontaniana mahakasika tantara sy angano na zava-mitranga ka mitaky valinteny miendrika fehezanteny tsotra<br><br>***Fitaovana***<br><br>Horonantsary, horonantsary taratasy, kami shibai |

**Fahendrena voizina :** fahatokisan-tena
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mamaky sy mikirakira fitaovam-pamakiana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fizarana amin'ny famakiana sary**<br>- Fizarana amin'ny famakianacsoratra famantarana<br>- Fanarahana ny fitsipiky ny famakiana<br>- Fizarana amin'ny fitaovam-pamakiana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mamaky tabilao famakiana na boky misy fitaovam-pianarana<br>- Mamaky sary mihantona<br>- Mamaky "code" tsotsotra<br>- Mamaky teny faobe (oh: mamaky sary sy ny anaran'ny sary hita eo ambany amin'ny sorabaventy sy soramadinika soraboky : peta-drindrina, «logo», «étiquette», «panneau» )<br><br>VOASARY<br><br>- Mamaky amin'ny fomba hafa ankoatry ny miteny (oh: amin'ny alalan'ny tehaka, feo, sioka, fihetsika)<br>- Mamaky endrika zana-tsoratra "a,o,i,e,y"<br>- Mampitovy litera abidia<br>- Mamaky takelaby amin'ny fifamoivoizana (oh : STOP, fiampitana)<br>- Mikirakira fitaovam-pamakiana: boky lamba na boky angano na fafana<br>- famakiana, litera…<br>- Manaraka ny vakiboky ataon'ny mpanabe sady manaraka amin'ny tanana ny soratra vakiana<br>- Mampifandray soratra amin'ny teny sy fiteny samihafa amin'ny sary mifanaraka<br>- aminy<br>- Mamaky sary mihantona /loko /bika / sary na soratra famantarana /isa / teny faobe amin'ny teny sy fiteny samihafa<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fanehoana sary<br>- Lalao iraisana<br><br>***Fitaovana***<br>Boky, sary mihantona, sary fetsy, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** manavaka feo sy mamantatra endri-tsoratra

<table>
<tr><th>Votoatiny</th><th>Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe</th></tr>
<tr><td>Famantarana feo isan-karazany<br><br><br><br>Famantarana endri-tsoratra</td><td>Sahanasa ho an’ny zaza<br>- Manao feon’izay hita eo amin’ny sary<br>- Manavaka ny feon’ny zanatsoratra “ i ”, “a”, “ o ”, “ e ”<br>- Mampifandray feo sy vanin-teny (ohatra: rehefa manonona “ i ”, “a”, “ o ”, “ e ”dia mampiseho ny litera)<br>- Manipika, na manisy marika, na mandoko ny endri-tsoratra “ i ”, “a”, “ o ”, “e”<br>- Mamorona teny na vaninteny misy zanatsoratra “ i ”, “a”, “ o ”, “ e ”<br>- Milalao amin’ny litera “ i ”, “a”, “ o ”, “ e ”<br>- Manao tsianjery ny litera a b d<br>- Mizarazara teny ho vaninteny maromaro (ohatra: mitehaka isaky ny vaninteny: va-la-la = tehaka in 3)<br>- Mampifandray ny sary amin’ny anarany (ohatra , biby, voankazo, fitaovana sns) (sorabaventy soraboky)<br>- Mampifandray sorabaventy sy soraboky<br>- Mamantatra ny feon’ny renitsoratra (oh: milaza na manao fihetsika iraisana raha misy feon’ilay renintsoratra voatonona<br>- Mampifandray ny sary amin’ny anarany (ohatra , biby, voankazo, fitaovana sns) (soramadinika soraboky)<br>- Mampifandray soraboky sy soratanana<br>- Mitehaka na mitsambikina rehefa maheno feo /hasimpeo/vanimpeo voanteny amin’ny teny sy fiteny samihafa efa nohenoiny mialoha ny zaza<br><br>Tetika amam-paika<br>- Andrana Fikirakirana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br>- Sahanasa iraisana<br><br>Fitaovana<br>Fafana abidia, lôtô, litera, ...</td></tr>
</table>

**Fahendrena voizina :** fikatsahana ny tsara indrindra
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** Mamela fangitra eo amin'ny toerana iray

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Famelana fangitry ny singa iray eo amin'ny vatana sy eo amin'ny fitaovana ampiasaina.** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mametraka dian-tanana, dian-drantsana, dian- tongotra, dia-molotra eo ambony faritra (taratasy, solaitra, lamba, tany, fasika,…) amin'ny<br>- alalan'ny fampiasana ranoka isan-karazany (lokomena, lokorano, rano…).<br>- Mametraka fitomboka, dian-dravina, dian-tady eo ambony faritra (taratasy,<br>- lamba,tany,fasika,…) amin'ny alalan'ny fampiasana ranoka isan-karazany (lokon-drofia, lokorano, rano…).<br>- Mamela dian-javatra manaraka zotra.<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fanohizana modely<br>- Fakana tahaka Andrana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br><br>***Fitaovana***<br>Taratasy, solaitra, lamba, tany, fasika, lokon-drofia, lokorano, rano… |







**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahafehy ny fampiasana fitaovam-panoratana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fampiasana fitaovam-panoratana**<br><br>**Fifehezana ny fitsipiky ny fanoratana** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mizatra mitazona araka ny tokony ho izy ny fitaovam-panoratana (mipetraka araka ny tokony ho izy rehefa hanoratra).<br>- Manoritra amin'ny fitaovana lehibe<br>- Manoritra amin'ny fitaovam-panoratana<br>- Manoritra manaja ny fitsipiky ny fanoratana: avy any an-kavia miankavanana, avy any ambony makany ambany.<br><br>***Tetika amam-paika***<br>Asa samirery<br><br>***Fitaovana***<br>Pensilihazo, marker, tsaoka, tapa-kazo, ... |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** manoritra tsipika, litera sy tarehimarika vitsivitsy

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanoritana karazana soritra**<br><br>**Fanoritana litera sy tarehimarika vitsivitsy** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manao soritsoritra Manao teboteboka Manoritra boribory<br>- Manao teboka<br>- Manoritra tsipika mijidina<br>- Manoritra tsipika marindrano<br>- Manoritra tsipika miraika miakatra, miraika midina<br>- Manoritra tetezana<br>- Manoritra antsasa-paribolana<br>- Manoritra litera sorabaventy soraboky vitsivitsy sy tarehimarika ahitana boribory sy antsasa-paribolana (E, T, L, 1, 2, 3)<br>- Manoritra tsipika mijidina sy marindrano mitohimandavana (créneau)<br>- Manoritra minifitsofa<br>- Manoritra litera soramadinika soratanana vitsivitsy sy tarehimarika ary tanambokovoko ahitana (a, o, i, 4, 5, + , X)<br>- Manoritra onjan-drano<br>- Manoritra laingon-tsaosety<br>- Manoritra litera sorabaventy soraboky (ohatra : A, O, I, P, E), sy soramadinika soratanana ( ohatra : a, o, i, p, e)<br>- Manoritra ireo tarehimarika (0,1,2,3,4,5,6,7,8,9)<br>- Manoratra ny anarana sorabaventy sy soramadinika<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fanohizana modely<br>- Fakana tahaka<br>- Fanarahana tsipika Andrana<br>- Lalao tsirairay<br>- Lalao iraisana<br>- Sahanasa tsirairay<br><br>***Fitaovana***<br>Pensilihazo, marker, tsaoka, solaitra be, solaitra, taratasy, kahie,... |

**Karazana soritra azo ampiasaina**

| | |
|---|---|
| Ny soritsoritra (gribouillage) |  |
| Ny teboteboka (pointillés) |  |
| Ny tsipika mijidina na mitsangana (lignes verticales) | \| \| \| \| |
| Ny tsipika marindrano na mitsivalana (lignes horizontales) | —— —— |
| Ny endri-tsoratra sorabaventy sy tarehimarika tsy ahitana afa-tsy tsipika | **A, E, F, H, K, L, M, N, T, V, 1, 4,7** |
| Ny boribory na faribolana (ronds) |  |
| Ny antsasa-paribolana (demi-ronds) |  |
| Ny onjan-drano (vagues) |  |
| Ny laingon-tsaosety (boucles) |  |
| "Tafo tanimanga" (tuiles) |  |
| Ny tahon'elo (cannes) |  |
| Ny tsipika miraika na miorirana miakatra sy miorirana midina (diagonales ou lignes obliques) |  |
| Ny tsipika minifintsofa (lignes brisées) |  |
| Ny telolafy (triangles) |  |
| Ny efamira (carrées) |  |
| Ny tanambokovoko (croix) | + **X** |
| Ny teboka (points) | ................................................. |
| Ny endri-tsoratra sorabaventy sy tarehimarika ahitana | **B,D,G,J,O,P,R,S, 0,2,3,5,6,8,9,** |
| Ny sifotra (escargot ou spirale) |  |
| Ny miala sakana (éviter les obstacles) |  |
| Ny miova fitodika (changer d'orientation) |  |
| Ny endri-tsoratra soratanana (écritures cursives) |  |

**Fahendrena voizina :** saina tia karokaroka, saina tia mamorona
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** maneho hevitra amin'ny alalan'ny fihetsika

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanehoan-kevitra amin'ny alalan'ny fihetsika** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mifaninana manao fihetsika mampihomehy, malahelo, tezitra<br>- Manao fihetsika tsy an-kiteny<br>- Manao sary amin'ny aloka<br>- Manao baiko moana mitantara ny fihetsika atao sy mankasitraka<br>- Manao lalao manova fihetsika<br>- Maka tahaka fihetsika<br>- Mamerina ny fihetsiky ny olona manatrika (oh : jeu de mirroir)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fakana tahaka fihetsika ho vinavinain'ny namana<br>- Seho sehatra |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** maneho hevitra amin'ny alalan'ny kanto

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanehoan-kevitra amin'ny alalan'ny kanto**<br>- Hira – Dihy – Mozika<br>- Famoronana zava-maneno | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mihira tsy misy mozika<br>- Mihira misy mozika<br>- Mandihy tsy mifindra toerana<br>- Mandihy mifindra toerana<br>- Mandihy irery<br>- Mandihy manaraka gadona samirery, miaraka amin'ny namana<br>- Mihira sady mandihy<br>- Maka tahaka ny fihetsiky ny olona mandihy<br>- Manao faribolana arahana hira sy dihy<br>- Mandihy manaraka soradihy tsotsotra<br>- Mandihy mampiasa fitaovana toy ny tady, lamba kely, hazo kely…)<br>- Manao dihy nentindrazana fanaon'ny daholobe<br>- Manao dihy nentindrazana fanaon'ny daolobe<br>- Mamorona dihy mampiasa fitaovana na tsia<br>- Mandihy manaraka gadona tsotra<br>- Mamerina gadona tsotra amin'ny alalan'ny vatana na fitaovana<br>- Maka tahaka ny fomba filalaon'ny mpitendry zava-maneno<br>- Mikirakira na mampiasa zavamaneno tena izy<br>- Mianatra ny toetoetry ny feo (mafy, mora, avo, iva)<br>- Mianatra ny toetoetry ny feo (miadana, haingana)<br>- Mamorona zavamaneno tsotsotra<br><br>***Tetika amam-paika***<br>Famerenana hira nohenoina<br><br>***Fitaovana***<br>Zava-maneno, tady, lamba kely, hazokely, korintsana, tavoahangy plastika, … |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** maneho hevitra amin'ny alalan'ny hosodoko

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanehoan-kevitra amin'ny alalan'ny hosodoko** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Peinture libre<br>- Peinture froissée (fripée)<br>- Peinture directionnelle<br>- Empreinte des doigts<br>- Empreinte des lèvres<br>- Empreinte de la main<br>- Peinture au sable<br>- Peinture à la ficelle<br>- Peinture à la symétrie<br>- Empreinte de feuilles<br>- Peinture éclatée<br>- Empreinte de fourchette<br>- Peinture au pochoir<br>- Peinture à gabarit<br>- Peinture à la brosse à dents (tamis, passoire)<br>- Peinture soufflée<br>- Message secret (bougie)<br>- Empreinte de légume<br>- Peinture à la symétrie<br>- Peinture à l'huile<br>- Peinture à la cuve (eau chaude)<br>- Peinture à l'eau de Javel<br>- Empreinte d'objets<br>- Peinture ombrée<br>- Manao sary na manamboatra fitaovana manambatra teknika fandokoana maromaro (ohatra sary atolotra amin'ny fetin'ny reny na amin'ny fitsingeranan-taona,sns)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fikirakirana<br>- Sahanasa tsirairay<br><br>***Fitaovana***<br>Fitaovana fandokoana |

**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** maneho hevitra amin'ny alalan'ny seho sehatra sy famoronana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanehoan-kevitra amin'ny alalan'ny seho sehatra sy famoronana** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manao lalao an-tsehatra (oh : saribakoly ahetsika)<br>- Manova endrika sy vatana (maquillage)<br>- Manova endrika sy vatana amin'ny alalan'ny fitafy (oh: fomba fitafin'ny ray aman-dreny)<br>- Manao lalao an-tsehatra mikasika ny fambolen-kazo (teatra)<br>- Manao asa tanana mandrary<br>- Manao asa tanana amin'ny feta manaraka modely<br>- Manao lalao an-tsehatra kivarivary<br>- Manova endrika sy vatana (fitafim-paritra)<br>- Mamorona zava-maneno amin'ny alalan'ny akora (oh: korintsana amin'ny tavoahangy plastika asiana voamaina)<br>- Manao lalao an-tsehatra hatsikana<br>- Manova endrika sy vatana amin'ny fomba fitafy vahiny<br>- Manao lalao an-tsehatra saribakoly sesika<br>- manao sary sokitra amin'ny alalan'ny akora samihafa (sakafo, tanimanga, pate a modeler, sns)<br>- Mamorona zavatra amin'ny alalan'ny akora na fitaovana isan-karazany (ohatra: bararata, hazo kely, ravina, tranona afokasoka, zavatra tsy ampiasaina intsony sns)<br>- Manao asa tananá ho tohivakana<br>- Mikirakira sy mianatra ny fomba fampiasana fitaovana teknolojika toy ny finday na telecommande na radio, na fahitalavitra, sns<br><br>***Tetika amam-paika***<br>Seho sehatra<br><br>***Fitaovana***<br>Saribakoly ahetsika |

# FIVELARAN'NY MAHA IZY AZY NY ZAZA SY NY FIARAHA-MIAINA

**Fahendrena voizina :** fahatokisan-tena, fanajana ny tena
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** milaza ny mombamomba ny tena

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Ny mombamomba ny tena**<br>- Anarana<br>- Taona<br>- Daty nahaterahana<br>- Anaran'ny ankohonana<br>- Toeram-ponenana<br>- Toeram-pianarana<br>- Zom-pirenena<br><br>**Ireo fitsipika hitandrovana ny fahasalamana** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Milaza ny fanampin'anarany sy ny mpanabe azy<br>- Milaza ny anaran'ny sekoly ianarana sy ny sokajy misy azy ary ny toerana misy azy<br>- Manavaka ny sariny ao anatin'ny maro<br>- Mamantatra ny maha lahy sy maha vavy<br>- Mizatra mampiasa ny toeram-pivoahana<br>- Mizatra mamafa lelo amin'ny mosoara<br>- Milaza ny taonany sy ny daty nahaterahany<br>- Milaza ny toeram-ponenany<br>- Milaza ny fanampin'anaran'ny ray aman dreniny sy ny mpiray tampo aminy<br>- Milaza ny faritra sy ny firenena misy azy, sy ny zom-pireneny<br>- Milaza ny asa fiveloman'ny ray aman-dreny na ny mpiahy azy<br>- Mamaha olana mitaky ezaka<br>- Milaza ny anaran'ny dadabe, bebe, dadatoa, …<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Lalao izay ahafahan'ny zaza milaza ny mombamomba azy<br>- Fanontaniana-Valiny<br><br>***Fitaovana***<br>Sarin'ny ankohonana |

**Fahendrena voizina :** fanajana ny tena, fahatokisan-tena
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** manome lanja ny tena

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanomezan-danja ny tena** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manao fampirantiana ny asa vita<br>- Mandray fitenenana na mihira na manao seho eo imason'olona maro<br>- Manao lalao maneho ny fahasamihafana<br>- Mamita hatramin'ny farany ny zavatra natomboka<br>- Mikajy ny vatana, fitaovana sy ny fananana<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Famakiana sary ahitana ireo fitsipika hitandrovana ny fahasalamana<br>- Sahanasa haverimberina<br><br>***Fitaovana***<br>Boky na sary ahitana ireo fitsipika hitandrovana ny fahasalamana, ... |

**Fahendrena voizina :** fifehezana fihetsehampo, fanajana ny hafa
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** manavaka karazana fihetsehampo

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanavahana ireo karazana fihetsehampo**<br>- Faly<br>- Tezitra<br>- Malahelo<br>- Matahotra<br>- Kivy<br>- Taitra<br>- Gaga<br>- Mitaintaina | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Manao lalao fifaninanana resy sy mpandresy<br>- Manao seho sehatra (matahotra)<br>- Manao seho an-tsehatra maneho fihetsehampo<br>- Mahatsapa ny fihetseham-pon'ny namana (malahelo, matahotra, tezitra)<br>- Manao fanandramana mety mampitolagaga (oh: andriamby, loko mifangaro)<br>- Miresadresaka zava-mitranga iray (oh: fahasahiranana na voina)<br>- Mankalaza fety iray ao anaty tetiandro (calendrier)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>Seho sehatra Fanandramana<br><br>***Fitaovana***<br>Boky angano , ... |

**Fahendrena voizina :** fifehezana fihetsehampo, fanajana ny hafa
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahafehy fihetsehampo

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanomezan-danja ny tena** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Maneho ny fihetsehampo faly<br>- Maneho ny fihetsehampo malahelo<br>- Miara-mifaly amin'ny namany<br>- Miara-mifaly amin'ny fankalazana ny tsingerin-taona/fetin-tsekoly/ fetim-pirenena<br>- Miara-malahelo amin'ny namana (voina, maratra, marary...)<br>- Maneho endrika aman-toetra mifanaraka amin'ny voina mitranga<br>- Miresadresaka maneho fitaintainana<br>- Manao lalao fifaninanana mahay resy, tsy manao herisetra,mifanazava am-pilaminana<br>- Manao fanandramana mety mampitolagaga (oh: mamono labozia saromana vera )<br>- Mitantara angano maneho ny fihetsehampo<br>- Mitantara zava-manaitra ao anaty angano<br>- Manao lalao fifaninanana (oh : mandihy, … )<br>- Mizara fihetsehampo amin'ny namana<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Lalao fifaninanana<br>- Famangiana namana tsy salama na niharam-boina<br>- Fankalazana tsingerin-taona, fetin-tsekoly |

**Fahendrena voizina :** fifehezana fihetseham-po, fanajana ny hafa
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahafantatra ny fihetseham-pon'ny hafa

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fahafantarana fihetseham-pon'ny hafa** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Maneho firaisam-po amin'ny hafa.:<br>- Miara-mifaly amin'ny namana mankalaza ny tsingerin-taona nahaterahana.<br>- Maneho ny endrika aman-toetra mifanaraka amin'ny voina mitranga: fadiana ny mihomehy olona nianjera fa manampy azy kosa hiarina.<br>- Mahatsapa ny fihetseham-pon'ny hafa<br>- Manao seho sehatra na saribakoly ahetsika maneho fihetseham-po samihafa: hatezerana, alahelo, tahotra, hafaliana…<br>- Miresaka ka mametraka ny fanontaniana hoe : Fa maninona hono izy? Inona no mahatezitra azy ? Nahoana izy no ...?<br>- Miresadresaka momba ny zava-nitranga iray : hafaliana, fahasahiranana, voina, zava-niseho, zavatra hita, ny fihetseham-po.<br>- Mandeha mamangy namana tsy salama na niharam-boina |

**FAHAVITAN-TENA**

**Fahendrena voizina :** fizakan-tena, fanajana ny tena
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mikarakara vatana, mandamina fitaovana ary mamaha olana samirery

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| - Fikarakarana vatana samirery<br><br>- Famahana olana samirery<br><br>- Fandaminana fitaovana | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Midio irery<br>- Miakanjo irery (mijery ny anoloana sy an-damosina, lafy ratsy sy lafy<br>- tsarany, amboniny sy ambaniny, mampifanandrify bokotra, fermeture, presse, agrafe)<br>- Misakafo irery tsy fahanana intsony<br>- Mamaha olana samirery mandritra ny gouter (oh: tavoahangy, biscuit,<br>- mamofy vomanga)<br>- Mamonjy toeram-pivoahana<br>- Manasa tanana amin'ny rano sy savony alohan'ny hihinana, rehefa avy any amin'ny trano fivoahana<br>- Mikaroka irery raha misy fahaverezana ny fitaovany<br>- Mampiditra kiraro irery<br>- Miomana irery mahavita ny fikarakarana ny vatana rehetra<br>- Mametraka ny fitaovany (ny kitapo, …) amin'ny toerany raha vao tonga<br>- Mampirina ny fitaovam-pianarana amin'ny toerana voatokana amin'izany.<br>- Mandrakotra latabatra alohan'ny anaovana hoso doko<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Mampiakanjo saribakoly<br>- Sahanasa averimberina<br><br>***Fitaovana***<br>- Saribakoly sy akanjokely afaka ampiakanjoana azy, ...<br>- Fitaovam-pidiovana, fitaovam-pihinanana, fitafiana isan-karazany,tavoahangy misarona, sakafo voasana na vahana(biscuit/ vomanga,...) , kiraro, kami shibai |

**Fahendrena voizina :** fanajana ny aina, fandraisana andraikitra
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** miaro tena amin'ny loza

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fahafantarana ireo toerana mety hitera-doza**<br>- Lava-drano<br>- Morondrano<br>- Toerana malama<br>- Arabe<br>**Ireo fitaovana na akora mety hampidi-<br>doza**<br>- Afo<br>- Zava-maranitra<br>- Sakafo simba<br>- Herinaratra<br><br>**Lalànan' ny fifamoivoizana**<br>- Takelaby (tsotsotra)<br>- Marika eny amin'ny arabe<br><br>**Ireo fihetsika raha tandindonin-doza na sendra loza** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mampilaza ny olon-dehibe vao mandeha rehefa misy aleha<br>- Misoroka ny loza<br>- Miaro tena amin'ny loza (miafina rehefa misy omby masika, … )<br>- Mamantatra ny loza mety hitranga<br>- Mitanisa fitaovana na akora na zavatra mety hampidi-doza : zavatra maranitra, afo, rano mangotraka, …<br>- Miantso «vonjeo» raha sendra loza<br>- Miantso «vonjeo» raha misy olona manao fihetsika hafahafa (violence)<br>- Manao lalao mampiasa finday mba hampandrenesana ny olon-dehibe<br>- Mamantatra ny toerana mety hitera-doza (oh: moron-drano, lava-drano,<br>- hantsana, toerana malama, arabe)<br>- Misoroka ny loza (oh: rehefa miampita arabe, rehefa hiampita dia mijery havia sy havanana, tsy mankeny amoron-drano na lava-drano…)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Famakiana sary na fihainoana tantara<br>- Seho-sehatra<br><br>***Fitaovana***<br>Sary, boky, kiririoka,kami shibai... |

## FIARAHA-MIAINA

**Fahendrena voizina :** fanajana ny hafa, fifanajana, fifanampiana, fandraisana andraikitra, fanajana ny zavamanan'aina
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** mahalala fomba, manaja ny tena, manaja ny hafa sy ny fananany ary ny fananana iombonana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Ireo fitsipiky ny fahaiza-miaina**<br>- Miarahaba<br>- Manao azafady<br>- Miandry tantana<br>- Manaja ny fananan'ny tena sy ny hafa<br><br>**Ireo fitsipiky ny fiarahamonina**<br><br>**Ny fahasamihafana**<br>- Ara-batana<br>- Ara-tsosialy<br>- Ara-kolontsaina | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mampihatra ny fahaiza-miaina (miarahaba sy manao veloma), misaotra, manao azafady, mitsangana rehefa misy olona miditra<br>- Manamarika miaraka ny tsingerintaona<br>- Miara-mampiasa ny fananana iombonana<br>- Miara-mikarakara ny fananana iombonana<br>- Manaja ny hafa (tsy manakotaba olona matory, mitsaitsaika, tsy manabataba, tsy mihaino resak'olon-dehibe)<br>- Mikajy ny fananan'ny hafa, tsy misavasava zavatr'olona<br>- Miandry tantana (ohatra: miara-mihinana rehefa samy nahavoaka ny ody<br>- ambavafo)<br>- Mamonjy ny namana<br>- Mifady ny herisetra sy fampijaliana<br>- Mizara sakafo ho an'ny tsy manana, tsy manarinary sakafo (goûter)<br>- Miala tsiny, manitsy ny fahadisoana<br>- Mitady/manaiky ny marimaritra iraisana mba hamahana disadisa<br>- Manaja ny fahasamihafana sy ny fitoviana eo amin'ny tena sy ny hafa<br>- (oh : endrika, fahasembanana…)<br>- Mitady sy manaiky ny marimaritra iraisana mba hamahana disadisa<br>- (manazava hevitra sy mifampiraharaha)<br>- Mikarakara biby sy zavamaniry |

| | |
|---|---|
| | - Mifady ny fampijaliana biby<br>- Miresadresaka mikasika ny kolontsaina sy fomba amam-panaon'ny toerana niaviany na ny firenena samihafa (foto-tsakafo, fiakanjo, aovolo, …)<br>- Manao seho sehatra maneho kolontsaina sy fomba amam-panaon'ny toerana niaviany na ny firenena samihafa<br>- Mamantatra ny anaran'ny firenena na toerana arakaraka ny sary aseho, na<br>- sainam-pirenena, na tantara (sary maneho kolontsaina na fomba amam-panao)<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Seho sehatra<br>- Fanehoana ohatra alain-tahaka manaraka tsara ny fanononana an'ilay teny na fiteny (phonétique)<br>- Fampiasana ny haino aman-jery<br>- Fampifaneraserana ny zaza amin'ny olona miteny teny sy fiteny hafa noho ny azy<br><br>***Fitaovana***<br>- Tantara/angano<br>- Saribakoly, ...<br>- Fafana famakiana<br>- Boky<br>- Sary<br>- Horonantsary<br>- Horonam-peo<br>- Kami shibai<br>- sns |

**Fahendrena voizina :** fanajana ny tena, fanajana ny hafa
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** manaja ny fitsipika iraisana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Ireo fitsipika iraisana ao amin'ny akany**<br><br>**Ireo fihetsika manaja ny fananana iombonana** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mampihatra ny fitsipika iraisana ao an-dakilasy<br>- Manaraka ny fitsipika nifanarahana<br>- Mampihatra ny fitsipiky ny fiaraha-monina (manary fako amin'ny toerana voatokana)<br>- Mamantatra ny vokatry ny tsy fanajana fitsipika<br>- Manatanteraka izay anjara asa nomena ny tarika (manatanteraka ny asa voasoratra ao anaty tabilaon'andraikitra)<br>- Manatanteraka izay anjara asa nomena ny tarika (mitsimpona fako)<br>- Manaja ny fitsipika ao anaty fiara iombonana<br>- Manaja ny fitsipiky ny fifamoivoizana eny an-dalambe<br><br>***Tetika amam-paika***<br>Seho sehatra, asa an-tarika, sahanasa tsirairay,sahanasa iarahana<br><br>***Fitaovana***<br>- Takelaka lehibe<br>- Tantara/angano,... |

**Fahendrena voizina :** fitiavan-tanindrazana, fandraisana andraikitra
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** maneho fitiavan-tanindrazana sy manaja ny soatoavina

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Fanajana ny fanevam-pirenena**<br><br><br>**Fanajana ny fetim-pirenena**<br><br><br>**Fanajana fomba amam-panao malagasy** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mianatra hiram-pirenena<br>- Mamantatra ny fanevam-pirenena<br>- Manaja ny fanevam-pirenena<br>- Mamantatra ny fomba amam-panao (mitantara ireo fomba amam-panao efa natrehany)<br>- Mitsidika toerana manan-tantara<br>- Mamantatra sy miresadresaka momba ny kolontsaina malagasy<br>- Mankalaza fetim-pirenena<br>- Mamantatra sy miresadresaka momba ny kolontsaina malagasy<br><br>***Tetika amam-paika***<br>- Fanehoana sary na horonan-tsary<br>- Fihainoana tantara na fijerena horonan-tsary<br>- Resadresaka<br><br>***Fitaovana***<br>Sary, horonan-tsary,... |

**Fahendrena voizina :** fanajana ny tena, fanajana ny hafa
**Fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika hotratrarina :** manaja ny fitsipika iraisana

| Votoatiny | Torohevitra sy tari-dalana enti-manabe |
|---|---|
| **Ireo fitsipika iraisana ao amin'ny akany**<br><br><br>**Ireo fihetsika manaja ny fananana iombonana** | ***Sahanasa ho an'ny zaza***<br>- Mampihatra ny fitsipika iraisana ao an-dakilasy<br>- Manaraka ny fitsipika nifanarahana<br>- Mampihatra ny fitsipiky ny fiaraha-monina (manary fako amin'ny toerana voatokana)<br>- Mamantatra ny vokatry ny tsy fanajana fitsipika<br>- Manatanteraka izay anjara asa nomena ny tarika (manatanteraka ny asa voasoratra ao anaty tabilaon'andraikitra)<br>- Manatanteraka izay anjara asa nomena ny tarika (mitsimpona fako)<br>- Manaja ny fitsipika ao anaty fiara iombonana<br>- Manaja ny fitsipiky ny fifamoivoizana eny an-dalambe<br><br>***Tetika amam-paika***<br>Seho sehatra, asa an-tarika, sahanasa tsirairay,sahanasa iarahana<br>***Fitaovana***<br>- Takelaka lehibe<br>- Tantara/angano,... |

**TOVANA : TAKELAKA FANDINIHANA NY FIVOARAN’NY ZAZA 5 TAONA**

Ity takelaka fandinihana ny fivoaran’ny zaza ity dia fitaovana fanaovana tombana ny fahaiza-manao na toetra amam-pihetsika izay tokony hovelarina eo amin’ny zaza, araka izay voasoratra ao anaty fandaharam-pibeazana.

- Izy no misolo ny fanomezana naoty isaky ny taranja aty amin’ny kilasy fanomanana.
- Ny mpanabe no mameno azy isaky ny roa volana amin’ny alalan’ny fandinihany ny zaza tsirairay.
- Ampitaina sy azavaina amin’ny ray aman-dreny ny vokatry ny fandinihana ny fivoaran’ny zaza ao anatin’ny takelaka.
- Manampy ny mpanabe sy ny ray amandreny amin’ny fanampiana ny zaza hivelatra amin’ny lafiny rehetra ty fitaovana ity.

| TAKELAKA FANDINIHANA NY FIVOARAN’NY ZAZA 5 TAONA | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Anaran’ny zaza:**<br>**Lahy/vavy:**<br>**Daty nahaterahana:** | | **Sokajy:**<br>**Taom-pianarana:**<br>**Anaran’ny mpanabe:** | | | | |
| | | **Roa volana faha *** | | | | |
| **FIVELARAN’NY VATANA SY HETSIKA** | | **1** | **2** | **3** | **4** | **5** |
| 1 | Mahafehy ny fihetsiky ny vatana sy ny rantsam-batana | | | | | |
| 2 | Mahafehy ny tombona | | | | | |
| 3 | Manaraka gadona | | | | | |
| 4 | Mikendry | | | | | |
| 5 | Mampirindra sy mifehy fihetsika | | | | | |
| 6 | Manetsika rantsan-tanana | | | | | |
| 7 | Mampiasa rantsan-tanana ahazoana endri-javatra | | | | | |
| 8 | Mampiasa fitaovana fampiasa andavan’andro | | | | | |
| 9 | Mailaka amin’ny fampiasana ny taovam-panamboloana | | | | | |
| 10 | Mailaka amin’ny fampiasana ny taovam-pitsiroana | | | | | |
| 11 | Mailaka amin’ny fampiasana ny taovam-pitsapana | | | | | |
| 12 | Mailaka amin’ny fampiasana ny taovam-pandrenesana | | | | | |
| 13 | Mailaka amin’ny fampiasana ny taovam-pahitana | | | | | |
| **FIVELARAN’NY FISAINA AMAM-PAHALALANA** | | **1** | **2** | **3** | **4** | **5** |
| 14 | Manavaka loko sy mamorona loko vaovao (mampifangaro loko) | | | | | |
| 15 | Manasokajy ireo bika jeometrika tsotra | | | | | |
| 16 | Mahalala ny mombamomba ny akora sy fitaovana ary asa fivelomana | | | | | |
| 17 | Mahafantatra ny mombamomba ny olombelona sy ny tontolo manodidina | | | | | |
| 18 | Mahafantatra ny mombamomba ny biby | | | | | |
| 19 | Mahafantatra ny mombamomba ny zava-maniry | | | | | |
| 20 | Mahafantatra ny fitandahatry ny trangan-javatra miverimberina eo amin’ny fiainana andavan’andro | | | | | |
| 21 | Mampitaha ny faharetan’ny trangan-javatra samihafa | | | | | |
| 22 | Milaza ny faritra na ny toerana misy ny zavatra iray raha oharina amin’ny olona na zavatra iray tsy mihetsika | | | | | |
| 23 | Mahafantatra ny fitodika / zotra | | | | | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 24 | Mahafantatra ny maro sy vitsy | | | | | |
| 25 | Manisa zavatra | | | | | |
| 26 | Mampitaha ny isan'ny singa anaty toko roa na maromaro sady milaza ny isany | | | | | |
| 27 | Mampitaha refy sy mampiasa voambolana mifanandrify amin'ny refy ambara | | | | | |
| 28 | Mampifandray zavatra araka ny endriny, ny bikany, ny toetoetrany, ny asany ary ny fiasany | | | | | |
| 29 | Mamaha olana | | | | | |
| **FIVELARAN'NY FITENENANA SY NY SERASERA** | | **1** | **2** | **3** | **4** | **5** |
| 30 | Mahazo resaka, mamerina teny na fehezan-teny | | | | | |
| 31 | Mifandray aman'olona sy miaraka anaty vondrona | | | | | |
| 32 | Mamaky sy mikirakira fitaovam-pamakiana | | | | | |
| 33 | Manavaka feo sy mamantatra endri-tsoratra | | | | | |
| 34 | Mamela fangitra eo amin'ny toerana iray | | | | | |
| 35 | Mahafehy ny fampiasana ny fitaovam-panoratana | | | | | |
| 36 | Manoritra tsipika, litera sy tarehimarika vitsivitsy | | | | | |
| 37 | Maneho hevitra amin'ny alalan'ny fihetsika | | | | | |
| 38 | Maneho hevitra amin'ny alalan'ny kanto | | | | | |
| 39 | Maneho hevitra amin'ny alalan'ny hosodoko | | | | | |
| 40 | Maneho hevitra amin'ny alalan'ny seho sehatra sy famoronana | | | | | |
| **FIVELARAN'NY MAHA IZY AZY NY ZAZA SY NY FIARAHA-MIAINA** | | **1** | **2** | **3** | **4** | **5** |
| 41 | Milaza ny mombamomba ny tena | | | | | |
| 42 | Manome lanja ny tena | | | | | |
| 43 | Manavaka fihetseham-po | | | | | |
| 44 | Mahafehy fihetseham-po | | | | | |
| 45 | Mahafantatra ny fihetseham-pon'ny hafa | | | | | |
| 46 | Mikarakara vatana, mandamina fitaovana ary mamaha olana samirery | | | | | |
| 47 | Miaro tena amin'ny loza | | | | | |
| 48 | Mahalala fomba, manaja tena, manaja ny hafa sy ny fananany ary ny fananana iomboanana. | | | | | |
| 49 | Manaja ny fitsipika iraisana | | | | | |
| 50 | Maneho fitiavan-tanindrazana sy manaja ny soatoavina | | | | | |

| FANAMARIHAN'NY MPANABE | SONIAN'NY RAY AMAN-DRENY |
|---|---|
| Roavolana 1: | Roavolana 1: |
| Roavolana 2: | Roavolana 2: |
| Roavolana 3: | Roavolana 3: |
| Roavolana 4: | Roavolana 4: |
| Roavolana 5: | Roavolana 5: |

**<u>Fomba famenoana ny fafana</u> :**

* Fenoina amin'ireto ny efitra manandrify ny fahaiza-manao sy ny roavolana voakasika (1 hatramin'ny 5)

T : Mbola tsy mivelatra eo amin'ny zaza ilay fahaiza-manao
X : Eo an-dalam-pivelarana eo amin'ny zaza ilay fahaiza-manao
XX : Efa azon'ny zaza ilay fahaiza-manao

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

**2026**